Hebreo,
Toko Fahadimy sy Fahenina [1]

. . . an'ny—an'ny Bokin'ny Hebreo. Avy eo dia miditra ao amin'ny faha-7 isika, ny asam-pisoronan'i Melkizedeka. Avy eo isika dia miditra, avy amin'ny asam-pisoronan'i Melkizedeka, mankao amin'ireo andro lehibe an'ny fanaovam-panavotana, sy ny fisarahana, fizaran'ireo fanaovam-panavotana. Avy eo dia mankao amin'ilay toko lehibe an'ny finoana, ny toko faha-11; sy ny toko faha-12 hoe, "Manaisotra ny mitambesatra rehetra." Ary ny toko faha-13, "Io Trano Mandrakizay io dia tsy naorin'ny tànan'olona; fa Andriamanitra, irery ihany, no nanao an'io Trano lehibe io." Mahafinaritra toy ny ahoana!

2 Faly aho mahita ny anabavintsika iry aoriana iry, izay vao avy niditra ao amin'ny fivoriana. Mahita azy sy ny vadiny aho. Omaly, teny amin'ny làlanay nankany izahay, nandalo toerana iray izay. . . Nihevitra aho fa nahafantatra ny elakelany sy ny zoron-dàlana rehetra, satria efa niandry saha teto Indiana teto, ary nanao fisafoana nandritry ny taona maro. Fantatro ny toerana rehetra. Saingy saika very aho omaly, tany amin'izay nisy azy ireo, teo an-tampon'ireo havoana kely, làlana vaovao.

3 Ary tratry ny homamiadana tao amin'ny avokavoka ilay ramatoa, fa nanasitrana tanteraka an'ilay vehivavy ny Tompo. Nentinay. . . Oh, ahoana no nahatongavan'izany rehetra izany, nipetraka teo izahay. Rahalahy Roberson, ato angamba izy, androany. Mahita ny vadiny aho, ary Rahalahy Wood, izay ato. Ary niakatra tao anatin'ny fiarabe tranainy iray izahay tany, izaho sy Rahalahy Roberson, ary Rahalahy Wood. Dia nentinay io fiarabe io, niakatra tany, teo an-tampon'ilay havoana. Ary tany ny Tompo no naneho taminay tanteraka an'ilay homamiadana. Ary tamin'izay fotoana izay dia nitsangana tany izahay ary nandinika an'ilay izy niala tamin'ilay vehivavy. Tamin'ny masonay manokana, nitsangana izahay ary nandinika an'ilay izy niala tamin'ilay vehivavy. Dia niantso ny vadin-dRahalahy Wood indray izy; ary niteny tamiko, fa nandrora an'ilay tena zavatra mainty izy. Ary eto izy izao maraina izao, mipetraka ery aoriana ato am-piangonana, izy sy ny vady malalany, manana fotoana iray mahafinaritra ao amin'ny Tompo. Tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

4 Ary tsy fantatro fa ilay. . . Eto, mazàna, ho an'ireo olona izay manodidina, dia tena mahalana no mitranga ireo fahitana

eto. Ity no tranoko. Ary, ny tiako lazaina, dia ato amin'ny fiangonana.

5 Ny Alahady, herinandro iray, isika . . . Firy no teto nahita an'ilay lehilahy tao amin'ny seza misy kodiarana? Jamba, kilemaina, tsy nifandanja, ary lasa ireo hoza-tsaina, ka nandao azy ny an'ny Mayo. Ary—ary sakaizako iray Katolika no nandefa azy teto. Ary talohan'ny nahatongavana teo amin'ny fotoana, dia nanome fahitana iray ny amin'ilay lehilahy ny Tompo. Fantatrareo rehetra izany. Ary sitrana teto ilay lehilahy, tamin'ny HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo? Ary tamin'izay fotoana izay dia nitsangana izy, nivoaka, ary nitondra ny sezany misy kodiarana, afaka nahita tahaka ny ahafahanareo na ahafahako. Ary nivoaka ny tranobe izy nanosika ny sezany, ara-dalàna. Ary ilay hozatry ny fifandanjana . . . Fantatrareo, tsy afaka mihazona ny tenanareo hitsangana ianareo, hitanareo, tsy afaka fotsiny ianareo. Ary nipetraka nandritry ny taona maro izy.

6 Ary rehefa tonga tany aho omaly, dia nahazo nofy iray ilay ramatoa hoe nahita ahy niditra, tamin'ny roa ora mihitsy, ary nilaza taminy hoe "tratry ny homamiadana," ary avy eo dia hoe, "HOY NY TOMPO HOE, 'sitrana izy.'" Ary—ary nifoha izy, ka tamin'ny roa ora marina mihitsy tamin'izay. Dia nidina ny Fanahin'ny Tompo, ary teo ilay—ilay nofy izay azony, ary ny Tompo no nanome ny fandikana. Ary sitrana teo no ho eo mihitsy izy, teo no ho eo raha nandinika azy izahay. Mahafinaritra toy ny ahoana!

7 Tsy afaka mieritreritra ny anarany aho. Iza ilay izy? Iza no anaranao, ranabavy? Walton, Ranabavy Walton, mipetraka iry aoriana iry. Hitsangana fotsiny ve ianao, Ranabavy Walton? Te-hanontany anao aho hoe ahoana no tsapanao. [Hoy Ranabavy Walton hoe, "Mahafinaritra fotsiny."—Mpand.] Amena. Tsara izany, mahafinaritra sady tena tsara. Tena tsara Izy, mitahy antsika amin'izany fanao izany. Noho izany isika dia miandry an'ilay fatra lehibe tafahoatra, betsaka, avy amin'Andriamanitra.

8 Nanafina an'izany taminy ny dokotera iray. Niteny taminy fa "izy dia miaina amin'ny ilany iray fotsiny ihany." Ilay izy dia, nitombo ilay homamiadana ary nanampina ny fifohan-drivotra tamin'io avokavoka ilany io, hitanareo. Tsy afaka mahita homamiadana amin'ny alàlan'ny rayon-x ianareo, satria ny homamiadana dia sela iray, ny tenany, ary izany dia—aina izany. Ary ianareo—ianareo—ianareo fotsiny—ianareo—ianareo dia mijery avy hatrany eo amin'ilay homamiadana, miaraka amin'ny rayon-x iray. Tsy mahita an'izany ianareo.

9 Ary, fa ny Tompo dia tena . . . Nitsangana teo izahay ary nandinika azy, ny tenanay, niaraka tamin'ny masonay manokana. Nandinika azy nihetsika, ary nahita azy

niala, tamin'ny masonay manokana. Noho izany, dia tena mankasitraka isika ny amin'izany.

10 Ary ankehitriny, mivavaha ho anay ankehitriny, amin'ity herinandro ity, raha lasa izahay. Ary Rahalahy Neville angamba no hanohy eo amin'izay nijanonako, ho an'ny fotoana amin'ny Alarobia hariva. Aza diso an'izany ankehitriny, ao amin'io fanohizana lehibe an'ny Bokin'ny Apokalypsy io.

11 Fantatro fa vavaka betsaka no efa natolotra, ary isika—fantatsika fa mihaino vavaka Andriamanitra. Fa isika, izao maraina izao, dia te-hanolotra vavaka kely fotsiny isika alohan'ny famakiana ny Boky. Ankehitriny, ny olona rehetra izay mahavita, dia afaka mamaky ny Boky tahaka an'*izao*, na afaka manokatra azy tahaka an'*izao*. Fa mila an'Andriamanitra, irery ihany, ny manokatra ny fahazoana, satria Izy irery ihany no Anankiray Izay afaka manao an'izany.

Noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

12 Ankehitriny, Ray, amin'ny Anaran'ny Zanakao Malalanao, ny Tompo Jesosy, dia manatona am-panetre-tena indrindra izahay ankehitriny hanolotra ny tenanay, amin'ny maha-Mpanomponao, mba Hiresahanao amin'ny alàlanay. Forao ny molotra izay miteny sy ny sofina izay mandre, mba hahatonga ny Teny ho voatenin'Andriamanitra sy ho re amin'ny alàlan'ny Fanahy, ao anatin'ny olona. Ekeo izany, Ray. Enga anie Izy handray ny Tenin'Andriamanitra ka hitory an'izany aminay arak'izay ilainay fotsiny, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany sy ho an'ny Voninahiny izahay. Amena.

13 Ankehitriny, eo am-pamakiana izao maraina izao, mianatra isika. Isika dia tsy—tsy mitory teny; mianatra fotsiny an'ity Bokin'ny Hebreo ity. Firy no mankasitraka an'izany? Oh, manana fotoana iray mahafinaritra isika! Ary ankehitriny dia mianatra tsara fotsiny, Soratra anampy Soratra. Izany dia tsy maintsy . . . Ny Baiboly manontolo, rehetra dia mifamatotra. Tsy misy Teny anankiray tsy ao amin'ny Toerany, raha voapetraky ny Fanahy Masina niaraka Izany.

14 Ankehitriny, nilaza ny olona hoe, "Manohitra ny Tenany ny Baiboly." Te-hahita an'izany aho. Nanontany aho, dimy amby roapolo taona, ny amin'izany, fa tsy mbola nisy anankiray hany naneho an'ilay izy. Tsy mifanohitra ny Baiboly. Raha izany no izy, dia tsy Baiboly izy. Ilay Jehovah lehibe, tsy manam-petra dia tsy afaka hanohitra ny Tenany Manokana, noho izany dia tsy misy fifanoherana ao amin'ny Baiboly. Tsy fahazoan'ny olona fotsiny ilay izy.

15 Ankehitriny ho an'ny foto-kevitra kely iray, alohan'ny hiverenantsika. Ankehitriny, ny Bokin'ny Hebreo dia nosoratan'i Masindahy Paoly, ho an'ireo Hebreo. Nanoratra anankiray ho an'ireo Efesiana izy, izany dia ireo vahoaka tao Efesosy, ilay

Fiangonana Kristiana; anankiray ho an'ireo Romana tany Roma; ary anankiray ho an'ireo Galatiana; ary anankiray ho an'ireo Hebreo.

16 Ankehitriny, mahamarika isika fa i Paoly, dia mpampianatra Baiboly iray, eo am-panombohana. Izany no nianarantsika. Hoe nipetraka teo ambanin'ny mpampianatra malaza iray izy, iray amin'ireo malaza indrindra tamin'ny androny, Gamaliela. Ary nahay tsara ny Testamenta Taloha izy. Fantany tsara izany. Saingy lasa mpanenjika iray an'ilay làlana izay Làlan'i Kristy izy, satria efa voahofana tao amin'ny Testamenta Taloha teo ambanin'ireo mpampianatra izy. Fa ireo mpampianatra, mazàna dia ara-nofo . . . Manantena aho fa tsy milaza na inona na inona ratsy aho.

17 Fa, mazàna, raha manana ny fampianarana sy ny fanaon'ireo sekoly fotsiny ny olona iray, dia mazàna nataon'olona izany. Hitanareo, tsy voatsindrimandry izany, satria lasa foto-pampianarana iray avy amin'ny sekoly iray ilay izy. Manana an'izany isika amin'izao andro izao. Presbyterana, Loterana, Pentekotista, ireo sekoly rehetra ireo dia manana ny foto-keviny, ary mampiditra ny Soratra ao anatin'izany fotsiny izy ireo.

18 Ary toy izany koa tao amin'ny Testamenta Taloha. Fa, Paoly, satria tsara hofana, dia nahafantatra ny Soratra tamin'ny alàlan'ny teny izy. Fa, hitanareo, ireo Soratra, tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza no ahafantaranareo azy ireny, raha tsy ny Fanahy no mamelona azy ireo, amin'izay fotoana izay dia mamono ilay soratra. Ny Fanahy no manome Fiainana. Hitanareo, tsy maintsy velomina izany, na atao velona, amin'ny alàlan'ny Fanahy. Raha tsy mamelona ny Teny ny Fanahy ka manao Azy ho zava-misy aminareo, amin'izay fotoana izay dia ara-tsaina fotsiny ilay soratra. Eo no ananantsika marobe miteny ho Kristiana amin'izao andro izao, na milaza ho Kristiana, dia io fandraisana ara-tsaina an'i Kristy io.

19 Avy eo isika dia mitodika amin'ny hoe, "Eny, tokony nahatsapa zavatra izy; ary tokony nanao zavatra ianareo." Ary, oh, ho tonga eo amin'io rehetra io isika, afaka kelikely. Ny anankiray tokony hihiakiaka. Ireo Metodista dia tsy maintsy nihiakiaka fahiny, talohan'ny nahazoan'izy ireo an'izany. Ireo Pentekotista dia tsy maintsy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, talohan'ny nahazoan'izy ireo an'izany. Ary, oh, ny sasany tamin'izy ireo, ireo Mpangovitra, dia tsy maintsy nangovitra fahiny. Hia. Ilay tranainy . . . Nandeha nandroso-sy-niverina izy ireo, ireo lehilahy teo amin'ny ilany iray, ireo vehivavy teo amin'ny ilay hafa. Hitanareo? Ireo Mpangovitra. Tamin'izay fotoana izay dia tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina ary nampangovitra azy ireo. "Nanana Azy izy ireo." Fa foromporonina fotsiny daholo izany. Tsy misy Fahamarinana ny iray amin'izany.

20 Miaina ao anatin'Ny Teniny Andriamanitra. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Teny." "Amin'ny finoana no namonjena anareo, amin'ny alàlan'ny fahasoavana." Tsy avy amin'alàlan'ny inona na inona, na mangovitra ianareo, na miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na inona na inona miseho. Tsy misy idiran'izany amin'io, mihitsy. Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay. Izay mandre Ny Teniko ka mino, novelomina ho azy, no manana Fiainana Mandrakizay." Izay ilay izy. Tsy mampaninona izay zavatra kely ataonareo.

21 Ankehitriny, tsy manohitra ny fangovitana aho, na ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, na fangovitana, oh, io—io fihiakiahana io. Mety tsara daholo izany. Tsara izany. Saingy toetra fotsiny ihany izany. Hitanareo? Afaka manome paoma ho anareo avy amin'ny hazo aho, fa tsy mbola ilay hazo no azonareo. Hitanareo? Ianareo . . . Ireo toetra izany.

22 Mandainga, mangalatra, misotro, mifoka, miloka, mijangajanga, tsy izany no fahotana, izany no toetran'ny tsi-finoana. Hitanareo? Izany ilay ianareo—ianareo . . . Manao an'izany ianareo satria mpanota iray. Hitanareo? Fa mpanota iray aloha ianareo. Izany no manao anareo hanao an'izany, satria tsy mino ianareo. Ary raha mino ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy manao an'izany. Amin'izay fotoana izay ianareo dia manana fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, faharetana. Izany no vokatry ny Fanahy Masina. Hitanareo?

23 Noho izany ny ananantsika an'ireo zavatra kely, fahatsapana kely, dia satria nivoaka tamin'ilay làla-masaka, tranainy an'ny Teny io olona io. Ilay izy dia ny Teny. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana."

24 Noho izany i Paoly rehefa . . . Andriamanitra nifidy an'i Paoly. Ny olona nifidy an'i Matia. Rehefa izy . . . Nanao filokana izy ireo, saingy tsy nanao na inona na inona mihitsy izy. Izany no maneho hoe fahefana inona no ananan'ny fiangonana arak'izany, manao safidy iray, mba hifidy ny diakony, ary mandefa an'ireo mpitory teniny any amin'ny toerana samihafa. Ara-nofo izany, matetika.

25 Avelao ny lehilahy iray handeha any amin'izay itarihan'Andriamanitra azy handehanana. Tiako izany. Raha hilaza fotsiny ny olona ao amin'ny kanferansa iray hoe, "Eny, ity dia fiangonana tsara iray. Nanorina fiangonana tsara iray ity rahalahy ity. Ary manana mahay kely iray izahay eto." Handefa azy ho ao amin'io fiangonana io izy ireo. Tsy fantany fa mamono ny tenany izy ireo. Hitanareo? Voalohany, raha mandeha ao io lehilahy io, dia tsy afaka hahafeno ny toeran'io lehilahy io izy. Amin'izay fotoana izay dia mampahalemy an'ilay fiangonana

fotsiny izy ireo, raha miezaka maneho fitia amin'ny mahay iray. Efa tahaka an'izany foana ilay izy.

26 Fa mino ny fahefana faratampony an'ilay fiangonana ao an-toerana aho. Eny. Aoka hahaleotena ny fiangonana tsirairay, hifidy an'ireo pasiterany, ireo diakony, ireo, na inona na inona ilay izy. Ary amin'izay fotoana izay, io fanao io, dia tsy manana eveka eo amboniny ilay lehilahy. Raha te-hiteny zavatra amin'io fiangonana io ny Fanahy Masina, dia tsy mila manontany olona iray izy ireo raha afaka manao an'*ity* na manao an'*itsy*. Ilay izy dia ilay isam-batan'olona mifandray amin'ny Fanahy Masina. Asehoy ahy amin'ny alàlan'ny Baiboly hoe iza no lehibe kokoa, ao amin'ny Baiboly, afa-tsy ny loholona iray ao an-toerana ho an'ny fiangonana ao an-toerana? Marina izany, eny, tompoko, ny fahamasi-mandidin'ilay fiangonana ao an-toerana, ny fiangonana tsirairay mahaleotena. Ankehitriny, ny firahalahiana, mahafinaritra izany. Tokony hanana firahalahiana iray tahaka an'izany ny fiangonana rehetra, miaraka. Saingy ny fahamasi-mandidin'ny fiangonana ao an-toerana!

27 Mariho i Paoly, satria lohan'ny mpampianatra malaza iray, tsara hofana, teny amin'ny làlany nankany Damaskosy, indray andro, mba hisambotra an'ireo olona izay tao amin'io Làlana vaovao io. Ankehitriny, tso-po izy. Tsy mitsara anareo amin'ny alàlan'ny fahatsoram-ponareo Andriamanitra. Tsy nahita olona tso-po kokoa noho ireo mpanompo sampy mihitsy aho. Maro amin'izy ireo aza no mamono ny zanany manokana, foana, ho—ho fanatitra ho an'ny sampy iray. Tsy izany no fahatsoram-po. Afaka maka asidra karbolika ny olona iray, am-pahatsoram-po, mihevitra fa naka zavatra hafa iray izy. Tsy mamonjy anareo ny fahatsoram-po. "Misy làlana izay toa mahitsy amin'ny olona, saingy làlan'ny fahafatesana no iafaran'izany."

Tso-po i Paoly rehefa nijoro vavolombelona izy, tao amin'ny fahefany manokana, mba hitora-bato an'i Stefana. Taona maro taty aoriana, tiako ny fialan-tsinin'i Paoly, hoy izy hoe, "Tsy mendrika ny hantsoina hoe mpianatra aho na ny hantsoina hoe apostoly iray, satria nanenjika ny Fiangonana hatramin'ny fahafatesana mihitsy aza aho." Tamin'ny fahatsoram-po!

28 Ary teny amin'ny làlany, dia nahazo fahatsapana iray izy. Niseho tao anatin'ny Andry Afo goavana iray ny Fanahy Masina, ary nanajamba azy Izany. Ankehitriny, efa nandalovantsika izany, hoe Kristy io Andry Afo io. Ary Izy no ilay Andry Afo iray ihany izay nitarika an'ireo zanaka nanerana ny an-efitra. Kristy dia Andriamanitra, ary Andriamanitra dia Kristy. Tonga nofo Andriamanitra ka nonina tao anatin'ny vatan'ny Tompo Jesosy. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany," naneho an'izay naha-izy Azy.

29 Ato amin'ity Baiboly eto ity, ao amin'ireo andininy teo aloha
izay efa novakiantsika, hoe, "Nanao ny Tenany ho ambany noho
ny Anjely Izy. Naka endrika, tsy an'ny Anjely, fa naka endrika
nofo." Tsy lavo ireo Anjely, tsy mila fanavotana izy ireo. Ny
nofo no lavo, ny olombelona, ary izy ireo no nila fanavotana.
Noho izany, ao amin'ireo lalàna fahiny, ny lehilahy iray, mba
ho—ho mpanavotra iray, dia tsy maintsy ho havana aloha izy;
ilay Boky malazan'i Rota, efa nandalovantsika izany teto, indray
andro lasa. Ary ahoana fa Andriamanitra, satria Fanahy, dia
tonga havana ho antsika, tamin'ny alàlan'ny fahalasanana ho
isantsika, mba hanavotra antsika sy hanome antsika Fiainana
Mandrakizay. Tsy maintsy lasa isika Izy, mba hahatonga antsika
ho lasa Izy amin'ny alàlan'ny fahasoavana.

30 Ary hitantsika fa ilay Andry Afo no nitarika an'ireo
zanak'Isiraely. Ary rehefa tonga nofo Izany teto an-tany, dia
nandre Azy niresaka isika indray andro, ary nilaza Izy fa Izy no
ilay Andry Afo. Hoy izy ireo hoe, "Milaza ve Ianao fa ianao dia
lehibe noho i Abrahama rainay?"

31 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO
IZY." Iza ilay IZAHO NO IZY? Ilay Andry Afo tao anatin'ny
roimemy nirehitra, fahatsiarovana mandrakizay nanerana ny
taranaka rehetra; tsy ho an'io taranaka io irery ihany, fa ity
taranaka ity, ilay Andry Afo iray ihany. Ary mankasitraka
isika izao maraina izao fa manana ny sarin'Izany mihitsy
aza isika, hoe tsy niova Izy. Izy no ilay Anankiray Tsy mety
maty, Mandrakizay, Voatahy. Manao an'ireo zavatra iray ihany
izay Nataony tamin'izany Izy ankehitriny, ary manao antsika
hahatsapa ho sambatra toy ny ahoana izany.

32 Fa talohan'ny naneken'i Paoly an'io fahatsapana io...
Nahafantatra fa ilay Andry Afo dia ny Anjelin'ny Tompo, izay
Kristy, ilay...Eny, Izy no Anjelin'ny Fanekena, izay Kristy.
Nihevitra tsaratsara kokoa i Mosesy, hoe, aleo misafidy ny
hiaritra fahoriana miaraka amin'ny vahoakan'i Kristy, sy ho
tarihin'i Kristy, toy izay ireo harena rehetra an'i Egypta.
Nanaraka an'i Kristy izy, izay tao amin'ny endrika Andry
Afo iray.

33 Tamin'izay fotoana izay dia hoy Kristy hoe, "Avy
tamin'Andriamanitra Aho," rehefa teto an-tany Izy,
"hiverina amin'Andriamanitra Aho." Taorian'ny Fahafatesany,
fandevenana, fitsanganana, vatana nomem-boninahitra no
nipetraka teo an-tànana ankavanan'ny Fiandrianana, mba
hanao fanelanelanana; i Paoly dia nahita Azy ho ilay Andry
Afo, indray: Hazavana iray izay nanimba ny masony, saiky;
namely azy tamin'ny fahajambana.

34 Petera dia nahita Azy niditra tao anatin'ny fonja toy ny
Hazavana iray, ary nanokatra an'ireo varavarana teo alohany

raha nivoaka izy. Hitantsika fa Izy no Alfa sy Omega, ny Voalohany sy ny Farany.

35 Ary indro Izy miaraka amintsika, androany, manao an'ireo tena zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany mihitsy, manao ny Tenany ho hita maso indray amintsika, maneho an'izany amin'ilay tontolo siantifika.

36 Oh, ao amin'ity ora lehiben'ny fahamaizinana sy fahapotehana eto an-tany ity, dia isika no tokony ho vahoaka sambatra indrindra eto an-tany, mba hifaly, mba hahafantatra. Hatramin'izay, rehefa sesefana loatra ny olona, sy ireo karazana isma rehetra sy ny sisa eto an-tany, kanefa, amin'izao andro izao, dia ilay tena Andriamanitra, velona, amin'ny alàlan'Ny Teniny ary amin'ny alàlan'ny Porofony hita maso, no maneho amintsika fa eto Izy miaraka amintsika, miasa, mihetsika, velona, manao marina tokoa tahaka an'izay Nataony isan'andro. Vahoaka iray manana tombontsoa toy ny inona isika, manana an'izany! Isika tokony ho . . . Ny Baiboly no nilaza, arak'izany, ao amin'ny toko faha-2 hoe, "Tokony hihazona mafy an'ireo zavatra ireo isika. Satria, ahoana no handosirantsika raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika?"

37 Ankehitriny, dia nahita isika fa, talohan'ny naneken'i Paoly an'io fahatsapana io . . . Ankehitriny, dia manantitra tsara isika. Ankehitriny, tsy mampaninona izay karazana fahatsapana hany anananareo, ry fiangonana, te-hanontany zavatra aminareo aho. Tsy mampaninona na toa tsara toy ny ahoana aza izany, toa tena misy toy ny ahoana aza izany, tsy maintsy tsapaina amin'ny alàlan'ny Baiboly aloha izany. Eo amin'ny Teny foana! Aza miala amin'Izany mihitsy, ho an'ny karazana fahatsapana iray.

38 Ary i Paoly, talohan'ny nanekeny an'izany, dia lasa nankany Arabia izy, ary nijanona telo taona tany, nitsapa an'io fahatsapana io tamin'ny Teny. Ary rehefa niverina izy, dia nahazo antoka. Tsy nisy na inona na inona afaka nanelingelina azy, satria mafy teo amin'ny Teny izy, tsy azo nohetsiketsehana. Ary eto izy dia mitodika ankehitriny mba haneho amin'ireo Hebreo, fa ireo zavatra lehibe izay noresahany, an'ny Testamenta Taloha, dia tonga voaseho tao amin'i Jesosy Kristy. Voninahitra iray toy ny inona!

39 Ankehitriny, tamin'ny Alahady lasa, na Alarobia lasa, Rahalahy Neville eto, tao amin'ny toko faha-5, dia nikasika an'ireo toerana tena avo, satria toko iray mahafinaritra izany. Ary hitantsika izy niresaka ny teo amin'ny toko faha-4, tamin'ny Alahady lasa, mikasika ny *Sabata*, ny fitandremana ny Sabata. Azonareo antoka ve, izao maraina izao, fa fantatrareo hoe inona ny fitandremana ny Sabata? Raha fantatrareo, dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

40 Ny *Sabata* dia ny "Fitsaharana" izay idirantsika, tsy amin'ny alàlan'ny andro, tsy amin'ny alàlan'ny lalàna, fa

amin'ny fidirana ao amin'i Kristy izay Sabatantsika. Izy no Sabatantsika. Nandeha nitety ny Testamenta Taloha rehetra isika, ka naneho fa ho tonga ny fotoana izay hahatongavan'ny Teny hoe "fitsipika anampy fitsipika, didy anampy didy." Ary Noporofoiny fa niditra tao amin'Ny Fitsaharany isika tamin'ny Andron'ny Pentekosta, "Satria izany no hanao an'ilay reraka hitsahatra, hijanona."

41 Hitantsika, fa, "Andriamanitra dia nametra andro iray ao amin'i Davida, mikasika ny andro fahafito." Ary, "Andriamanitra dia nitsahatra tamin'ny fahafito." Nomeny an'ireo—ireo zanak'Isiraely izany tany an-efitra. "Ary avy eo indray, dia nametra andro iray Izy." Andro inona izany? Andro anankiray amin'ny herinandro ve? "Amin'ny andro izay andrenesanareo Ny Feony, dia aza manamafy ny fonareo." Izany dia ilay andro izay Hidirany, mba hanome anareo fiadanana Mandrakizay, Sabata Mandrakizay iray.

42 Tsy mandeha any am-piangonana ianareo ny Alahady, mba ho lasa mpivavaka, amin'izay fotoana izay. Rehefa nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo, dia miditra ao amin'ny Fitsaharana mandrakizay, tsy misy fitandremana sabata intsony. Ianareo dia *ao amin'*ny Sabata, tsy ankitsahatra, mandrakizay [forever], ary ho Mandrakizay [Eternity]. "Vita ireo asanareo eto amin'izao tontolo izao," hoy ny Baiboly, "ary niditra tao amin'io fiadanana voatahy io ianareo."

43 Ireo toko dimy voalohany dia mametraka an'i Jesosy ara-toerana ho Mpisoronabe. "Andriamanitra tamin'ny fotoana samihafa sy fanao samihafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, fa amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Jesosy," toko faha-1, andininy faha-1.

44 Avy eo dia nidina hatrany amin'ny faran'ny toko faha-5, dia hitantsika Izy fa voaseho ho "Melkizedeka, izay tsy nanana fiandohan'andro, na fiafaram-piainana, fa Mpisorona tsy ankitsahatra mandrakizay." Eritrereto izany. Iza io Lehilahy malaza io? Ho tonga eo amin'izany isika, ao anatin'ireo toko roa amboniny eo ho eo. Ny Fiainany manontolo, no hianarantsika. "Io Lehilahy malaza izay nihaona tamin'i Abrahama io, izay tsy nanana papa mihitsy, tsy nanana mama mihitsy. Tsy nanana fotoana mihitsy Izy hany Nanombohany fiainana, na tsy nanana fotoana iray mihitsy Izy izay hany Hamaranany fiainana. Ary nihaona tamin'i Abrahama avy tany amin'ny famonoana mpanjaka Izy."

45 Mariho io Olona malaza io, na Iza Izy na iza, dia mbola velona foana. Tsy nanana fiafaram-piainana Izy. Izany no Kristy, izay nihaonany. Handeha ao amin'ny fianarana lalina an'izany isika, afaka andro vitsy.

46 Ankehitriny, dia te-hanomboka eto amin'ny toko faha-5 eto isika ankehitriny, ho an'ny foto-kevitra kely iray fotsiny alohan'ny hikasihantsika ny—ny faha-6, satria zavatra iray tena malaza izany. Diniho tsara. Hanomboka eo amin'ny andininy faha-7-n'ity toko ity isika. Eny, ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-6.

Ary nilaza ihany koa izy any amin'ny toerana iray hafa hoe, Ianao no mpisorona mandrakizay araka ny fanaon'i Melkizedeka.

*Izay tamin'*ny *andron'ny nofony, rehefa izy . . . nanatitra fivavahana sy fangatahana niaraka tamin'ny fitarainana mafy . . . ranomaso . . . tamin'*izay *afaka namonjy azy tamin'ny fahafatesana, ka nohenoin'izay natahorany;*

Na dia *Zanaka iray aza izy, dia mbola nianatra . . . fankatoavana tamin'ny alàlan'ireo zavatra izay niaretany;*

47 Ankehitriny dia eto no tiako ahatongavana, ity andininy faha-9 ity. Henoy. Ataoko fa nahakasika an'izany Rahalahy Neville, ny Alarobia. Tsy teto aho. Eny, henoy.

Ary rehefa natao tanteraka, dia tonga mpanao famonjena mandrakizay izy ho an'ireo rehetra izay mankatò azy;

Nantsoin'Andriamanitra hoe mpisoronabe araka ny fanaon'i Melkizedeka.

Ny amin'izany dia manana zavatra maro ho lazaina izahay, . . .

48 Hijanona eo amin'io isika, satria haka an'i Melkizedeka isika afaka hariva vitsy.

49 Ankehitriny dia hanomboka eo amin'ity isika, ny fianarantsika mahazatra. Maniry aho . . . hamaky fotsiny ny sisa amin'ity vetivety aho, ny andininy faha-11.

Ny amin'izany dia manana zavatra maro ho lazaina izahay, . . . sarotra hambara, satria lalodalovana ny sofinareo.

Fa raha . . . ny fotoana izay efa tokony haha-mpampianatra anareo, ianareo *dia mbola mila an'izay hampianatra anareo indray an'ireo abidim-pianaran'ny tenin'Andriamanitra; ary efa lasa tahaka an'izay mbola mila ronono,* raha tokony *ho sakafo matanjaka.*

Fa ny tsirairay avy izay mampiasa *ronono dia tsy zatra amin'ny tenin'ny fahamarinana: satria izy dia zazakely iray.*

Oh, manantena aho fa ny Fanahy Masina no nampidina an'izany ao amin'ny farany ambaninareo ankehitriny.

Fa izy *izay—izay* mampiasa *ronono dia tsy zatra amin'ny tenin'ny fahamarinana: satria* izy dia zazakely *iray.*

50 Raha omenareo sakafo matanjaka ny zazakely iray, dia hamono azy ianareo. Izany no antony ilazan'ny olona maro hoe, "Ah, izaho—tsy mino an'izany aho," ary lasa. Mbola zazakely foana! Tsy mety mahazo fotsiny izy ireo. Tsy afaka mandramby an'izany Fahamarinana izany izy ireo. Izany—mamono azy ireo Izany. Zavatra lehibe, mahery no tokony ho fantatry ny fiangonana amin'izao andro izao, saingy tsy afaka mampianatra an'Izany ianareo. Izy ireo—izy ireo—izy ireo—izy ireo—tafintohina eo amin'Izany izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo izay anaovana an'Izany.

51 Paoly, izay miresaka amin'ity vondrona Hebreo ity... Kanefa, ireo mahay no iresahany ankehitriny, ireo mahay, nampianarina tsara. Hitantsika izany, afaka fotoana vitsy—vitsy, tena nianatra. Saingy ny Zava-miafina ara-panahy lalina, dia mbola nohajambaina amin'Izany foana ny fiangonana. Hoy izy hoe, "Raha tokony hampianatra ny hafa ianareo, dia mbola zazakely foana ianareo."

52 Oh, fantatro fa misy maro no mitsangana ary mivoaka ka manao hoe, "Oh, tsy mila mandeha mankany ampiangonana intsony aho. Deraina Andriamanitra, tonga ny Fanahy Masina, Izy no mpampianatra." Rehefa manana an'izany hevitra izany ianareo, dia diso fotsiny ianareo. Ho an'ny inona no nametrahan'ny Fanahy Masina an'ireo mpampianatra ao amin'ny fiangonana, raha Izy no tokony ho mpampianatra? Hitanareo? Misy aloha ireo apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelista, ary pasitera. Nametraka mpampianatra ao amin'ny fiangonana ny Fanahy Masina, mba Ahafahany mampianatra amin'ny alàlan'io mpampianatra io. Ary raha tsy—tsy araka ny Teny izany, ka tsy manamarina an'izany Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy ilay karazana fampianarana tsara ilay izy. Izany dia tsy maintsy mitaha amin'ny Baiboly manontolo, ary velona mihitsy androany tahaka Azy tamin'izany. Izany ilay tena zavatra tonga voaseho.

53 Mariho ankehitriny.

Fa ny sakafo matanjaka dia ho an'ireo izay... feno taona, ireo izay amin'ny alàlan'ny fampiasana saina *aza...izay* zatra *mampiasa tsara ny sainy mba hamantatra ny tsara sy ny ratsy.*

Mahafantatra izay tsara sy izay ratsy, amin'ny alàlan'ny famantarana.

54 Mariho ankehitriny, manomboka eo amin'ny lesontsika ankehitriny. Ity foto-kevitra lehibe ity ankehitriny, ndao isika handeha eo amin'ny andininy faha-1.

Koa aoka hilaozantsika ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy,. . .

Inona no lazainy? Ireto toko dimy voalohany ireto dia mikasika an'i Kristy, mba haneho hoe Iza Izy. Ankehitriny dia hilaozantsika ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy.

55 Inona no ahitantsika Azy? Hitantsika fa Izy no ilay Jehovah Andriamanitra Lehibe tonga voaseho tao amin'ny nofo. Hitantsika Izy ho—tsy ho mpaminany iray, fa ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana. Izy no Jehovah tonga nofo. Ary ilay vatana, Jesosy, dia nampiantrano Azy fotsiny. Andriamanitra monina ao anatin'ny olona. Andriamanitra nihavana tamin'ny olona, tamin'ny alàlan'ny olona, tamin'ny fahaterahana ara-virijiny an'Ny Zanany Manokana. Ary Jehovah, ilay Fanahy, no nonina tao Aminy.

56 Ankehitriny, firy no mahatsiaro an'ilay fampianarana mikasika ny maha-Andriamanitra, ahoana fa niverina tany aoriana isika ka nahita fa Andriamanitra dia tahaka ny avana lehibe niaraka tamin'ilay Fanahy hafa rehetra, toy ny ahoana Izy? Ary avy eo dia nivoaka avy tamin'Andriamanitra ilay Logos, izay lasa teofania, ary izany dia tao amin'ny endrika olona iray. Ary nahita Azy nandalo i Mosesy, tao antsefatsefaky ny vatolampy. Ary avy eo dia natao nofon'olombelona tanteraka tokoa io teofania io, Kristy.

Ary ahoana fa hitantsika hoe isika, amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, dia manana Fiainana Mandrakizay. Ankehitriny, ny teny hoe *mandrakizay* [*forever* amin'ny teny Anglisy—Mpand.] dia "ho an'ny halavirana iray; ho an'ny elanelam-potoana iray." Izao no voalaza, ao amin'ny Baiboly hoe, "Mandrakizay *ary* mandrakizay," fanohizan-teny iray. Fa ny *mandrakizay* [*forever*] dia midika fotsiny hoe "fotoana iray." Fa ny Mandrakizay [Eternal] dia midika hoe mandrakizay. [forever.] Ary ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray ihany no manana fiafarana iray, fa ireo zavatra izay tsy nanana fiandohana no tsy manana fiafarana. Noho izany dia tsy nanana fiandohana Andriamanitra ary tsy manana fiafarana Izy.

57 Ary noho izany, koa, Melkizedeka, ilay Mpisorona lehibe, izay nitovy tamin'ny olona iray, dia tsy nanana fiandohana Izy ary tsy manana fiafarana Izy. Ary rehefa isika, tamin'ny alàlan'io teofania io, dia, natao araka ny endrik'Andriamanitra isika talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao mihitsy aza; rehefa lasa nofo io teofania io ka nonina teo anivontsika, noho izany, tamin'ny alàlan'ny Fahafatesany, dia nandray Ny Fanahiny ho an'ny tenantsika isika ary tsy manana fiafarana; Fiainana Mandrakizay; tsy Anjely, fa lehilahy sy vehivavy. Oh, izaho. . . Na manao ahoana na manao ahoana, raha afaka fotsiny mantsy aho maneho an'izany amin'ny fomba iray izay ny—hahazoan'ny mpanatriko an'izany! Tsy ho Anjely

iray mihitsy ianareo. Nanao Anjely Andriamanitra, saingy nanao olona Andriamanitra. Ary izay ataon'Andriamanitra dia avy amin'Andriamanitra, izay Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra. Ary ny olona dia Mandrakizay mihitsy tahaka ny Mpamorona azy, satria natao avy tamin'ny Mandrakizay izy.

58 Fa ny fahotana dia manana fiafarana iray, ny fijaliana dia manana fiafarana iray. Noho izany, dia tsy mety hisy ny helo Mandrakizay. Misy ny helo iray, afo sy solifara, fantatsika izany, saingy tsy misy ny helo Mandrakizay. Karazana Fiainana Mandrakizay iray ihany no misy ary izany dia an'Andriamanitra. Raha tsy maintsy hijaly mandrakizay [forever] ianareo, dia manana Fiainana Mandrakizay. [Eternal.] Manana fiafarana iray ny helo, mety ho lavitrisa taona izany, saingy ho tonga eo amin'ny fiafarana iray izany amin'ny farany.

59 Tsy milaza ny Baiboly, na aiza na aiza, fa nijaly Mandrakizay izy ireo, fa nanao hoe, "Mandrakizay ary mandrakizay." Nihevitra i Jona fa izy dia tao anatin'ny kibon'ilay trozona "mandrakizay," ihany koa. *Mandrakizay* [*Forever*] dia manana halavirana iray na fe-potoana iray. Fa ny *Mandrakizay* [*Eternal*] dia maharitra, tsy manana fiandohana na fiafarana izy. Izany dia tahaka ny peratra iray, boribory iray. Ary raha mandroso ny fotoantsika, dia mihanika manodidina fotsiny an'ireo antony lehibe an'Andriamanitra isika.

60 Ny anton'Andriamanitra dia ny hanao olona araka ny Endriny, mba hiombona Aminy. Ary nanao azy ho vatana iray mora kasihana Izy. Ankehitriny, ny fahotana no nitondra antsika tao amin'ny toeran'ny—ny—ny fahalòvana, saingy tsy mampijanona ny fandaharan'Andriamanitra mihitsy izany. Ary, ry sakaiza mpanota, androany, raha tsy nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray ianareo, dia manana fiafarana iray ianareo any ho any. Ary ny fiafaranareo dia fahapotehana, ao amin'ny faharavàna, sy fijaliana ary fahoriana. Fa ho anareo izay nino ny Tompo Jesosy, ka nanaiky ho Mpamonjinareo manokana koa, izany dia Mandrakizay mihitsy tahaka an'Andriamanitra Mandrakizay. Tsy manana fiafarana ianareo, "Izaho no manome azy ireo ny *Zoe* Mandrakizay, Fiainan'Andriamanitra manokana, ary tsy ho levona intsony izy ireo na ho tonga ao amin'ny fitsarana akory aza, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany no naha-Izy azy. Ho an'izany no Nahatongavany.

61 Ankehitriny, Jesosy, tamin'ny Fihaviany, an'ny Asampisoronany, dia tsy tonga nohon'ny amin'ny fitserana fotsiny. Maro ny olona mampianatra an'ilay izy tahaka an'izany, hoe tonga Izy, nanao hoe, "Eny, angamba raha mijaly Aho, Izaho dia ho—ho—ho fijery mampahonena ka azo antoka fa hanatona Ahy ny olona." Fahadisoana iray izany. Tsy misy Soratra ho an'izany.

Fa, ny olona rehetra izay hany ho voavonjy, Andriamanitra dia efa nahafantatra azy ireo talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao mihitsy aza. Ny Baiboly no niteny an'izany. Tsy sitrak'Andriamanitra, ankehitriny, ny hahalevona ny olona rehetra. Tiany ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra. Saingy, satria Andriamanitra, dia tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha no Nahafantarany an'izany.

62 Jereo ao amin'ny Romana, toko faha-8. Manamafy i Paoly ao, milaza ny amin'ny fifidianan'Andriamanitra, hoe, "Esao sy Jakoba, talohan'ny nahaterahan'ny iray tamin'ireo zazakely, na zavatra iray, dia nilaza Andriamanitra fa efa nahafantatra azy ireo Izy ka Halany i Esao fa tiany i Jakoba," talohan'ny nahazoan'ny iray tamin'ireo zazalahy ny—ny anjara iray haneho ny fankasitrahany, satria Andriamanitra Izy. Fantany . . . Tsy manam-petra Izy. Raha tsy manam-petra Izy, dia efa Fantany ny parasy rehetra, ny lalitra rehetra, ny lalimanga rehetra, ny zavatra rehetra izay hany hisy eto an-tany, Fantany izany. Izy no Andriamanitra tsy manam-petra, Mandrakizay, tsy mety maty, isaorana, faratampon'ny hery, manatrika mandrakariva, faratampon'ny fahaizana. Tsy misy na inona na inona izay tsy Fantany. Izany no antony Ahafahany miteny izay ho farany. Efa Fantany hatrany amin'ny voalohany ny farany.

63 Izay ara-paminaniana dia ny Fahalalany fotsiny. Izy no lehiben'ny mpisolovava. Izy—Izy no—Izy no Mpitsara. Ary miteny fotsiny Izy amin'ilay—ilay mpisolovava ny sasany amin'ny Fahendreny. Ary izany no faminaniana, izay afaka miteny mialoha an'ilay izy, satria Fantany izay hisy. Ankehitriny, izany no Andriamanitra izay tompointsika. Tsy andriamanitry ny tantara iray, tsy tahaka an'ireo Bouddista sy ireo Mohametana, sy ny sisa. Fa, Andriamanitra iray izay manatrika mandrakariva, eto izao ankehitriny izao, izao maraina izao, ato amin'ity tabernakla ity izao ankehitriny izao; Jehovah Lehibe, IZAHO NO IZY, Izay nanao ny Tenany tao anatin'ny fanetre-tena, mba hitafy endriky ny nofo mpanota. Eto Izy. Izany Ilay nanavotra anareo. Tsy mety hisy hafa, na aiza na aiza, na tamin'ny fotoana inona afaka manao an'izany.

64 Tsy nanana olona telo Andriamanitra tany ambony tany, ka nandefa ny iray tamin'izy ireo, Ny Zanany. Izany dia Andriamanitra, Izy tenany, tonga tao amin'ny endrika Zanaka iray. Ny zanaka iray dia manana fiandohana iray, ary ilay Zanaka dia nanana fiandohana iray. Izany, ny sasany aminareo vahoaka Katolika malala, manana ny bokinareo aho, *Facts Of Our Faith*, nilaza hoe, "Ny maha-zanaka Mandrakizay an'Andriamanitra." Ahoana no hanehoanareo an'izany teny izany? Ahoana no hanomezanareo dikany an'izany? Ahoana no hampety an'izany ho Mandrakizay? Tsy izany ny Baiboly. Ny bokinareo izany, "Maha-zanaka Mandrakizay." Izy ireo tsy . . . Tsy marina ilay teny. Satria, ny zavatra rehetra izay zanaka dia

nanana fiandohana iray, nefa ny Mandrakizay dia tsy manana fiandohana, noho izany dia tsy maha-zanaka Mandrakizay ilay izy. Tonga nofo Kristy ka nonina teo anivontsika. Nanana fiandohana iray Izy. Tsy maha-zanaka Mandrakizay izany. Izany no maha-Andriamanitra Mandrakizay, fa tsy maha-zanaka. Ankehitriny, tonga Izy mba hanavotra antsika, ary tena nanavotra antsika Izy.

65 Ankehitriny, Paoly, maneho eto, izay azoko antoka fa tamin'ny alàlan'ireo lesona teo aloha no nahazoanareo an'izany. Handeha eo amin'izany indray isika, indray andro any, raha sitraky ny Tompo, isaky ny andininy mihitsy. Ankehitriny.

> *Noho izany* manana . . . *hilaozana ireo—ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy, ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana;* . . .

66 Manafintohina azy ireo izany. Sa tsy izany? Ndao isika hanao inona?

> . . . ndao isika *handroso ho amin'ny fahatanterahana; tsy hametraka indray an'ireo* fanorenana . . .

67 Diniho io. Ndao alaintsika io teny io hoe "fahatanterahana." Fantatrareo ve fa fomba tokana ihany no hijoroanareo eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra? Izany dia, tanteraka. Tsy afaka handefitra an'ireo zavatra tsy masina Andriamanitra.

68 Ary ianareo manaraka lalàna: ahoana no hany ahafahanareo hahatanteraka ny tenanareo, nefa ianareo tsy manana zavatra anankiray hahatanteraka ny tenanareo? Teraka tao amin'ny fahotana ianareo. Ny tena famoronanareo dia tao amin'ny fahotana. Ny tena faniriana nahatonga anareo teto dia fahotana. "Teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga." Ankehitriny aiza no hijoroanareo?

69 Aiza ianao, ry mpanota, izay—izay nanao hoe, "Hijanona tsy hifoka aho. Handeha ho any An-danitra aho"? Aiza ianao, ry mody antsoina Kristiana, matimaty, mpitahiry, izay mandeha manodidina eto miaraka amin'ny tarehy lava iray ka milaza, hoe, "Eny, mikambana amin'ny fiangonana aho"? Ianao mpanota. Marina izany. Raha tsy nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianao, dia very. Marina izany.

70 Ahoana no handehananao ho any An-danitra? Hoy ianao hoe, "Tsy nandainga mihitsy aho teo amin'ny fiainako." "Oh, ilay malala. Izany—Anjely iray fotsiny izany, eo am-panombohana." Lainga izany. Tsy ahoako na tsara toy ny ahoana aza ianareo; mpanota iray ianareo. Ary tsy manana zavatra anankiray ianareo; tsy misy pretra, tsy misy eveka, tsy misy kardinaly, tsy misy papa, na inona na inona hafa afaka hamonjy anareo, satria ao amin'ilay lakana iray ihany izay misy anareo mihitsy izy. Hiditra eo amin'izany isika afaka minitra vitsy. Ao amin'ilay toerana iray ihany mihitsy. Izy dia . . . ilay papan'i Roma dia

teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga, nateraky ny filàna ara-nofon'ny lehilahy iray sy vehivavy iray. Aiza no hahamarina anareo avy amin'izany?

71 "Eny, ny papany sy ny mamany dia teraka tamin'ilay fomba iray ihany, ary izy ireo dia teraka tamin'ilay fomba iray ihany, ary ny renibeny sy ny raibeny ary ny tany aoriana tany." Fahotana ilay izy, eo am-panombohana!

72 Noho izany dia iza no afaka hilaza fa *ity* no masina ary *itsy* no masina? Zavatra tokana ihany no masina, izany dia Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona, Izay natao Tanteraka. Ary ny takiana amintsika dia ny ho tanteraka. Ankehitriny, ahoana no hahatonga antsika ho izany? Andramo ilay izy, amin'ny tenanareo. Halako ny hanandrana handeha ho any Andanitra amin'ny fahamendrehana hoe, "Dimy minitra lasa aho izay no teraka, ary hiala amin'izao tontolo izao avy hatrany ankehitriny." Ho very aho. Raha tsy nanana eritreri-dratsy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, raha tsy niteny teny ratsy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, raha tsy nijery na inona na inona ratsy mihitsy aho, tsy nieritreritra na inona na inona ratsy mihitsy aho, na inona na inona, dia maimbo sy mainty tahaka an'ireo rindrina maloton'ny helo mihitsy aho. Mpanota iray aho.

73 Afaka handany ny fiainana sy hijanona hihidy ao anatin'ny efitra iray aho, ary tahaka ny iray amin'ireo masera Karmelita na zavatra iray, ary tsy mahita an'izao tontolo izao mihitsy, mijanona ao ary mivavaka amin'ny fiainako rehetra, manao tsara, teraka ho mpanapitrisa ary manome ny zavatra rehetra izay ananako ho an'ny mahantra, fa mbola mpanota iray foana aho ary handeha ho any amin'ny helo. Eny, tompoko.

74 Mety mikambana amin'ny fiangonana Loterana aho, Batista, Pentekotista, Presbyterana, izay misy ahy eo amin'ilay horonamboky, ary miaina mahatoky amin'io fiangonana io hatramin'ny zato taona, ka raha esorina ny aiko, dia tsy misy olona afaka hanondro ahy amin'ny rantsan-tànany ary hanao hoe "Tsy nanana eritreritra ratsy iray akory mihitsy aza izy," dia handeha any amin'ny helo aho azo antoka tahaka ny itsanganako mihitsy.

75 Mpanota iray aho. Marina izany. Tsy manana na inona na inona aho. Tsy misy fomba, mihitsy, ahafahako mahita ny—ny vidiny ho voaloa. Mitaky fahafatesana Andriamanitra. Ary raha manolotra ny aiko manokana aho, raha manolotra ny aiko aho, amin'izay fotoana izay dia ahoana no ahafahako mibebaka? Satria, ianareo . . . Tsy maintsy voaloa ny trosa, aloha. Ary Andriamanitra irery ihany no Anankiray izay afaka manolotra ny Ainy ka maka Azy indray. Noho izany dia afaka ny ho lasa fahotana Izy, ary nanolotra Ny Ainy ka naka Azy, ary niantso an'izany hoe "fahamarinana," ary voaloa ilay trosa. Eo ianareo izao.

76 Ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Matio, eo amin'ny toko faha-8, mino aho fa izay ilay izy, toko faha-7 na faha-8. Ho hitantsika izay lazain'i Jesosy eto. Eny àry. Izany dia Matio, ny toko faha-5. Ary ny . . . Jesosy, no mitory, mitory an'ireo fahasambarana, ny andininy faha-47.

> *Ary raha ny rahalahinareo irery ihany no arahabai*nareo*, dia inona no atao*nareo *mihoatra noho ny sasany? na dia ireo mpamory hetra aza ve tsy manao . . . ?* (Diniho.)
>
> Fa *aoka ho tanteraka ianareo noho izany, . . .* (Inona?)
>
> *Aoka ho tanteraka ianareo noho izany, tahaka ny Rainareo any an-danitra mihitsy aza izay tanteraka.*

Izany no didin'i Jesosy, "Aoka ho toy izany ianareo."

77 Hoy izy ireo hoe, "Tsy misy olona afaka ny ho tanteraka, hoy ny Baiboly hoe, 'Tsy misy tanteraka.' Eo ilay fifanoheranareo." Izany ve? Eny àry.

78 Tsy afaka ny ho tanteraka ianareo amin'ny tenanareo. Raha mitoky amin'izay nataonareo ianareo, dia very. "Noho izany dia aoka ho tanteraka ianareo, tanteraka tahaka an'Andriamanitra tanteraka mihitsy aza." Ankehitriny:

> *Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo mihitsy aza . . . any an-danitra izay tanteraka.*

79 "Noho izany . . . " Ankehitriny ny toko faha-5, toko faha-6-n'ny Hebreo.

> *Koa mandao an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy, fa ndao isika handroso* ho *amin'ny fahatanterahana; . . .*

80 Ankehitriny, ianareo, Branham Tabernacle. Oh, fantatro, "Manana ny fanasitranana isika." Mahafinaritra izany. "Manana ny fahitana isika." Oh, izany dia—tsara izany. Ary manana nofy ara-panahy ianareo, nefa indraindray dia tsy nofy ara-panahy izy ireo. Ary—ary indraindray ianareo . . . "Isika, miezaka manampy ny mahantra isika. Manao an'izay azontsika atao isika." Oh, tsara daholo izany, saingy tsy izany no resahantsika ankehitriny. Miditra ao amin'ny dingana iray hafa isika.

> *. . . mandao . . . ny fampianarana . . .*

81 "Oh, eny, manana ny fampianaran'i Kristy izahay. Mino izahay fa Izy no Zanak'Andriamanitra, izay nateraky ny virijiny. Mino an'izany izahay, miaraka amin'ireo zavatra rehetra ireo." Mahafinaritra mihitsy izany.

82 Fa, "Mandao an'izany, ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Oh, oadray! Maniry aho ny hanana feon'ny arikanjely iray ankehitriny, mba hitondra an'izao ao amin'ny toerana iray izay ahafahanareo hahita an'izany. Ankehitriny

dia hoy izy hoe, "Mandao ny fampianarana rehetra ny amin'i Kristy," ny rehetra—ireo teolojiana, sy ny teolojia rehetra izay fantatsika, ny rehetra mikasika ny maha-Andriamanitra an'i Kristy, ahoana fa Izy no Andriamanitra tonga nofo, ireo zavatra hafa rehetra ireo.

83 Manohy manazava an'izany rehetra izany i Paoly eto, afaka minitra vitsy fotsiny. Ndao isika hamaky an'izany, kely fotsiny, alohan'ny ahatongavantsika eo amin'izany.

. . . *mametraka indray an'ireo* fanorenana *ny amin'ny fibebahana hiala amin'ireo asa maty* . . .

Ankehitriny, mino an'izany isika.

. . . sy *finoana* an'*Andriamanitra,*

Mino an'izany isika.

Ary ny amin'*ny fampianarana an'ireo batisa,* . . .

Ahoana fa tsy maintsy hatao batisa mihitsy ianareo, mino an'izany isika.

. . . *sy ny amin'ireo fametraha-tànana,* . . .

Mino ny fametrahan-tànana isika. Sa tsy izany? Hitanareo, io rehetra io, azo antoka.

. . . *sy ny amin'*ny *fitsanganan'ny maty,* . . .

84 Mino an'izany isika. Diniho ankehitriny. Mahita ianareo eto hoe, "Fitsarana," dia ampiasaina miaraka amin'ny, "Mandrakizay." ["Eternal."] Izany hoe mandrakizay. [forever.] Rehefa voatenin'Andriamanitra ny fitsarana, dia mandrakizay [forever] izany. Noho izany, dia tsy mety misy fampihavanana intsony aorian'ny fahavitan'ny fitsarana. Ankehitriny dia afaka mahazo ianareo hoe nahoana Andriamanitra no tsy maintsy naka ny Azy Manokana—ny Azy Manokana, araka ny hiantsoantsika azy hoe, ny Fanafodiny Manokana. Rehefa nanameloka olona nohon'ny fahotana Izy, ny fomba tokana izay Azony hampihavanana, dia ny maka ny toeran'ilay olona ho an'ny Tenany. Izany no fomba tokana azony hampihavanana, na azony hampihavanana antsika, dia ny naka ny toerantsika ary lasa mpanota iray. Andriamanitra, Jehovah, dia lasa mpanota iray, ary nanolotra ny Ainy Izy.

85 Ankehitriny, afaka manolotra ny ainareo ianareo, satria mpanota iray, mba ho faty ho an'ilay antony. Hoy i Paoly hoe, "Na dia atolotro ho dorana ho fanatitra iray aza ny tenako, dia mbola tsinontsinona foana aho," satria tsy hety izany. Hitanareo, rehefa maty ianareo, dia vita ny aminareo. Raha maty mpanota iray ianareo, dia very.

86 "Fa nidina tao amin'ny nofo Andriamanitra, ary nanameloka ny fahotana tao amin'ny nofo, raha tonga nofo mpanota." Satria, Izy no Andriamanitra Mandrakizay, ary nanangana ny Vatany Manokana, noho izany dia Izy no Mpanamarina.

87 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo, "Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana," hoy i Paoly. Ankehitriny dia inona?

. . . an'ny fitsarana mandrakizay.

. . . izany no *hataon*tsika, *. . . avelan'Andriamanitra.* (Andininy faha-3.)

88 Ankehitriny, "Mandroso ho amin'ny fahatanterahana." Hoy Jesosy hoe, "Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo any An-danitra mihitsy aza izay tanteraka."

Ary isika dia, ny tsirairay avy, voaheloka. Tsy mampaninona izay hany ataontsika, voaheloka isika. Teraka isika, voaheloka. Ny mamanareo sy papanareo dia teraka, voaheloka. Ny, ireo razambenareo rehetra dia teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka. Noho izany dia ahoana no mba hahatongavanareo eo amin'izany? Ahoana no hahatanteraka anareo? Raha tsy nanao zavatra iray mihitsy ianareo, tsy nangalatra mihitsy, tsy nandainga mihitsy, tsy nanao zavatra iray mihitsy teo amin'ny fiainanareo, dia mbola voaheloka foana ianareo. Voaheloka ianareo talohan'ny nisintonanareo ny fofon'ainareo voalohany. Voaheloka ianareo. Marina izany. Ary efa voatsaran'Andriamanitra ianareo talohan'ny nisintonanareo ny fofon'ainareo voalohany. Satria efa voatsara ianareo, nohon'ny filàna ara-nofon'ny rainareo sy ny reninareo izay, tamin'ny alàlan'ny fihetsik'izy ireo, nitondra anareo teto an-tany. Ary nanameloka an'izany Andriamanitra, tany amin'ny voalohany. Voaheloka ianareo, eo am-panombohana. Noho izany dia aiza ianareo . . . Ary ny olona hafa rehetra eto ambonin'ny tany dia voaheloka miaraka aminareo. Ankehitriny dia aiza no hahazoanareo fahatanterahana?

89 Diniho. Ndao isika hamadika vetivety fotsiny ao amin'ny Hebreo, ny toko faha-10. Henoy tsara. Te-hamaky kely avy ao amin'ny toko faha-9 aho, aloha, ny andininy faha-11.

Fa Kristy kosa rehefa tonga ho mpisoronabe iray ny amin'ireo zavatra tsara ho avy, teo amin'ny tabernakely iray lehibe kokoa sy tanteraka lavitra, ny Tabernakeliny Manokana, ny Nofony, . . .

90 Hitanareo, ilay tabernakely fahiny . . . Efa voamarikareo ve? Ilay tabernakely fahiny dia nanana voaly iray tao anatiny, izay nanafina an'ilay fiara izay nipetrahan'Andriamanitra. Firy no mahafantatra an'izany? Azo antoka. Eny, io tabernakely fahiny nataon'olona eto io, ireo lamban'efitra avy tamin'ny hoditr'osy maty, sy ny sisa, dia natao ho tabernakely iray hanafina ny Fanatrehan'Andriamanitra. Firy no mahafantatra fa lehilahy iray ihany no afaka niditra tao indray mandeha isan-taona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany tokoa. Izany dia Arona, miditra indray mandeha isan-taona. Ary tsy maintsy voahosotra izy. Ary—ary, oh, ilay fitakiana! Ary tsy maintsy

manana afo izy eny an-tànany; fa raha niditra tsy niaraka tamin'izany izy, dia maty vantany vao nanakisaka an'io voaly io. Ho lavo maty izy. Tsy maintsy niditra tao izy ary nandrehitra an'ireo lahan-jiro ireo, ka namafy an'ilay sezan'ny famindrampo izay nanambara, an'ilay ràn'ny fahafatesana, izay ananan'ilay mpisolo, mandra-pahatongan'i Kristy hanatanteraka an'izany.

91 Ankehitriny, fa, avy eo Andriamanitra dia lasa niditra tao amin'ny karazana tabernakely hafa iray. Ary Iza io tabernakely io? Jesosy. Ary tao anatin'i Jesosy Andriamanitra, ary nafenina Izy, saingy nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany Izy, tamin'ny alàlan'ireo Fanehoany. Kristy no nanambara an'Andriamanitra. Hoy Izy hoe, "Tsy Izaho no manao an'ireo asa. Izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko. Tsy manao na inona na inona amin'ny Tenako Aho fa izay Hitako ataon'ny Ray. Ny Ray ato Amiko, no maneho Amiko an'ireo fahitana ireo, ary avy eo dia mandeha fotsiny Aho manao an'izay tenenin'ny Ray mba Hataoko." Azonareo ve izany? Tao anatin'ny vatan'olombelona iray Andriamanitra, tsy tao ambadiky ny hoditr'osy maty, fa velona, mihetsika. Nanana tànana Andriamanitra; nanana tongotra Andriamanitra; nanana lela Andriamanitra; nanana maso Andriamanitra; ary izany dia Kristy. Izany Izy.

92 Ankehitriny, lasa Izy, ary niditra tao amin'izany ny Fanahy, mba amin'ny alàlan'ny Fahafatesany no Ahafahany manatanteraka an'ilay Fiangonana ary mitondra an'ilay Fiangonana hanaiky. Ary noho izany dia ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Kristy no ao amin'ilay Fiangonana, manao an'ireo zavatra iray ihany izay nataon'i Kristy. "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao."

93 Ankehitriny dia henoy ity.

> *Fa Kristy kosa rehefa* tonga *mpisoronabe* iray *ny amin'ireo zavatra tsara ho avy, teo amin'ny tabernakely iray lehibe kokoa sy tanteraka lavitra, tsy nataon-tànana, izany hoe, tsy avy amin'izao zavatra ary izao;*

Tsy nataon-tànana Izy. Ahoana no Nahaterahany? Fahaterahana ara-virijiny.

> *Sady tsy tamin'ny ràn'osilahy sy zanak'omby,* no hany nanolorana na nanamasinana an'ity vatana ity, *fa tamin'ny ràny manokana . . .*

94 Fantatrareo fa ny rà dia avy amin'ny fananahana lahy. Ary noho izany dia hoy ny olona iray hoe, "Oh, Jiosy iray Jesosy." Tsy Jiosy iray Izy. "Oh, novonjena tamin'ny rà Jiosy isika." Tsia, tsy izany isika. Raha novonjena tamin'ny rà Jiosy isika, dia mbola very foana.

Jesosy dia tsy Jiosy, tsy Jentilisa koa Izy. Andriamanitra Izy: Andriamanitra ilay Ray, ilay Fanahy, ilay Anankiray tsy hita.

"Tsy nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa ny lahitokan'ny Ray ihany no nanambara Azy." Naneho an'Andriamanitra Izy, izay naha-izy an'Andriamanitra.

95 Ankehitriny dia natao haneho an'Andriamanitra Ny Fiangonany, mba haneho an'izay maha-izy an'Andriamanitra. Hitanareo?

Inona no ataontsika? Mifandrafitra, ary, "Tsy misy hidirako amin'*izy ireo*. Metodista izy ireo. Presbyterana izy ireo. Tsy te-hanao na inona na inona amin'*izy ireo* aho. Batista aho. Pentekotista aho." Hah! Very ianareo, miaraka amin'ireo karazana antony ireo. Marina.

96 Iza no afaka handoka? Iza no afaka milaza zavatra iray? Jereo ilay fahafaham-baraka izay nentin'ireo Presbyterana. Jereo ilay fahafaham-baraka, an'ireo Batista. Jereo ilay fahafaham-baraka, an'ny Katolika. Jereo ilay fahafaham-baraka, an'ireo Pentekotista, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana. Jereo ny sisa amin'izy ireo.

Fa, mihaika anareo aho hanondro amin'ny tànana iray, ho fahafaham-baraka, amin'Ity. Hia. Manondro rantsan-tànana iray, nefa hoy Andriamanitra Tsitoha hoe, "Ity no Zanako malalako izay Sitrako hitoerana. Izy no henoy." Io Izy. Izany ilay Anankiray tanteraka.

97 Ankehitriny, ndao isika hamaky lavidavitra kely fotsiny eto ankehitriny.

> *Sady tsy tamin'ny ràn'osilahy . . . zanak'omby, fa tamin'ny ràny manokana no nidirany indray mandeha tao amin'ny fitoerana masina, nahazo fanavotana mandrakizay* . . . (Azonareo ve ilay izy?) . . . *fanavotana mandrakizay ho antsika.*

98 Tsy ho navotana androany, ary avy eo, ny herinandro manaraka rehefa manomboka ilay fifohazana, dia navotana indray, ary avy eo, oh, miverin-dàlana isika ary navotana indray. Navotana indray mandeha ianareo, mandrakizay. Marina izany. Tsy avotana intsony, avotana, avotana. "Fanavotana Mandrakizay!" "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, dia manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy, fa efa," fotoana lasa, "tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Satria nangovitra ve izy? Satria vita batisa tamin'ny fomba anankiray ve izy? Satria nanana rà teny amin'ny tànany ve izy? "Satria efa nino an'ilay Zanaka lahitokan'Andriamanitra izy." Tahaka an'izany no ananantsika fanavotana Mandrakizay.

99 Henoy ankehitriny.

> *Fa . . . raha ny ràn'ombilahy sy osilahy, ary ny lavenon'ny* vatotr'ombivavy afafy amin'ilay—ilay . . .

afafy *amin'ilay tsy madio*, no manamasina *hatramin'ny fanadiovana ny nofo:*

Tsy mihoatra noho izany ve ny ràn'i Kristy, izay nanatitra tamin'ny alàlan'ny Fanahy mandrakizay ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra, hanadio ny *fieritreretan*tsika *ho afaka amin'ireo asa maty mba hanompoana an'Andriamanitra velona*?

100 "Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Inona no iahianareo an'izay eritreretin'izao tontolo izao? Inona no iahianareo an'izay eritreretin'ny mpiara-monina aminareo? Efa maty ny fieritreretantsika, ka navaozina isika ary nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray, mba hanompo an'ilay Andriamanitra marina sy velona. Eo ianareo izao.

101 Ankehitriny dia miampità eo amin'ny andininy faha-10, toko faha-10, raha ny marina, eo ampitan'ilay pejy mihitsy.

. . . ny lalàna izay misy ny alok'ireo zavatra tsara ho avy, fa tsy ny tena endrik'ireo zavatra, dia tsy afaka mihitsy miaraka amin'ireo fanatitra izay *atolotr'izy ireo isan-taona* mandrakariva *hanao an'ilay* mpanatona ho t-a-n-t-e-r-a-k-a.

T-a-n-t-e-r-a-k-a, izany ilay izy eo, "Tanteraka."

. . . mandao ny abidim-pianarana ny amin'i Kristy, ndao isika handroso ho *amin'ny fahatanterahana; . . .*

Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo mihitsy aza . . . any an-danitra izay tanteraka.

102 "Ny lalàna izay misy ny alok'ireo zavatra tsara ho avy," ireo didy sy ireo batisa rehetra ary ireo . . . zavatra hafa rehetra izay nananan'izy ireo, "dia tsy afaka nanao an'ilay mpivavaka mihitsy ho tanteraka." Ary, kanefa, Andriamanitra dia mitaky ny "tanteraka."

103 Raha mikambana amin'ny fiangonana Nazareana ianareo, dia tsy hanao anareo ho tanteraka mihitsy izany. Raha mikambana amin'ny fiangonana Batista ianareo, Pentekotista, na inona na inona ilay izy, tsy hanao anareo ho tanteraka mihitsy izany. Raha olona tsara iray ianareo, mahatoky, tsy hanao anareo ho tanteraka mihitsy izany. Tsy afaka ny ho mendrika zavatra iray ianareo. Tsy misy na inona na inona momba anareo, ho mendrika. Very ianareo. Hoy ianareo hoe, "Eny, efa nitandrina ny lalàna aho. Mitandrina ny sabata aho. Mitandrina an'*ity* aho, ireo didin'Andriamanitra rehetra. Manao an'*ity* aho."

104 Hoy i Paoly hoe, "Ndao isika hanaisotra an'ireo zavatra rehetra ireo ankehitriny."

105 "Mety tsara daholo izany, saingy hanao an'*ity* izahay. Hanao batisa ny olona izahay, ary hametra-tànana eo amin'izy ireo ho an'ny fanasitranany sy ny sisa."

106 Afaka maka an'izany isika, isaky ny andininy, ny tsirairay avy amin'ireo zavatra ireo. Batisa, mino an'izany isika. "Fanantenana iray no misy, Tompo iray, Finoana iray, Batisa iray." Mino isika fa misy ny batisa iray. Mino ny fitsanganan'ny maty isika. Marina tokoa. Mino isika fa maty Jesosy ary nitsangana indray. Mino an'izany isika. "Mametra-tànana, ho an'ny marary," izany no voalaza. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Mino an'izany isika.

Fa inona izany? Hoy i Paoly hoe, "Asa maty daholo izany." Izany dia zavatra izay ataonareo.

107 "Ankehitriny dia ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Oh, oadray! Miditra ao amin'ilay Tabernakely isika, tsy ilay fanorenana; ilay Tabernakely, ilay Tabernakely Izy tenany. Izao no fanorenana: ny lalàna, sy ny fahamarinana, sy—sy—sy—sy mikambana amin'ny fiangonana, sy atao batisa, ary—ary mametra-tànana. Lamin'ny fiangonana daholo ireo.

"Fa ankehitriny dia ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Ary Anankiray ihany no tanteraka, izany dia Jesosy.

108 Ahoana no idirantsika ao Aminy? "Amin'ny alàlan'ny Metodista ve?" Tsia. "Pentekotista ve?" Tsia. "Batista ve?" Tsia. "Amin'ny alàlan'ny fiangonana iray ve?" Tsia. "Katolika Romana ve?" Tsia.

109 Ahoana no idirantsika ao amin'Izany? Romana 8:1.

> *Tsy misy fanamelohana noho izany ankehitriny ho an'*ireo izay *ao amin'i Kristy*. . .*izay tsy mandeha arak'ireo* zavatr'ity izao tontolo izao ity, *ny nofo, fa arak'*ireo zavatry *ny Fanahy,* izay tsy miraharaha an'izay ho lazain'izao tontolo izao.

110 Na dia marary aza ianareo, ka hoy ny dokotera hoe, "Ho faty ianao," tsy miraharaha an'izany ianareo, tsy manelingelina anareo izany na kely aza.

111 Raha miteny aminareo izy ireo hoe, "Tsy maintsy lasa Katolika iray ianareo alohan'ny hahavoavonjy anareo, na Presbyterana iray, na tsy maintsy manao an'*ity*," tsy miraharaha an'izany ianareo.

"Noho izany dia tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy mandeha araka ny nofo, ireo zavatra izay hitan'izy ireo." Ny zavatra rehetra izay hitanareo amin'ny masonareo dia an'ny tany.

112 Fa ilay izy dia ireo zavatra izay hitanareo ao amin'ny fanahinareo, amin'ny alàlan'ny Teny! Ny Teny dia fitaratra fijeren'Andriamanitra izay mampitaratra ny maha-izy Azy sy izay maha-izy anareo. Haleloia! Oh, oadray! Izany no miteny

aminareo. Ity irery ihany no Boky eto amin'izao tontolo izao izay miteny aminareo hoe avy taiza ianareo, iza ianareo, ary handeha ho aiza ianareo. Anehoy pejin'ny literatiora iray aho, na aiza na aiza, miaraka amin'ny siansa rehetra na ny zavatra hafa rehetra, ny boky tsara rehetra izay voasoratra, fa tsy misy iray amin'izany afaka miteny anareo an'izany. *Ity* no fitaratra fijeren'Andriamanitra, izay maneho ny maha-izy Azy sy ny maha-izy anareo. Noho izany, eo anelanelany dia misy an'ilay tadin-dRà, izay maneho ny mety haha-izy anareo raha te-hanao an'ilay safidy ianareo. Eo ianareo izao.

113 "Tamin'ny Fanahy iray," ankehitriny, Korintiana Voalohany 12. Ahoana no idirantsika ao amin'io Vatana io?

"Amin'ny fandraisan-tànana ve?" Tsia, tompoko. "Amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana ve?" Tsia, tompoko. "Amin'ny naha-vita batisa nankany aoriana, nankany aloha ve? Tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina ve? Ny Anaran'i Jesosy Kristy ve? Ny anaran'ny Raozin'i Sarona, Lisin'ny Lohasaha, Kintan'ny Maraina ve? Ny zavatra rehetra izay tianareo ve?"

Tsy misy idiran'izany amin'io. "Valiny iray avy amin'ny fieritreretana tsara mankany amin'Andriamanitra fotsiny." Kanefa isika dia mifamaly, sy mifandramatra, sy miady hevitra, sy mizarazara, ary manao fahasamihafana. Marina izany. "Nefa asa maty ireo rehetra ireo." Mandroso ho amin'ny fahatanterahana isika.

114 Izany dia ireo zavatra izay nataoko. Nanao batisa anareo ny mpitoriteny iray. Na nanao batisa anareo nankany aloha izy, nankany aoriana, na intelo, in-efatra, na indray mandeha, na ahoana no nanaovany an'izany, tsy misy idiran'io amin'Izany. Natao batisa tao amin'ny fiombonan'izany fiangonana izany fotsiny ianareo, na ahoana na ahoana, manaporofo amin'izany fiangonana izany ianareo hoe: mino ny fahafatesana, ny fandevenana, ary ny fitsanganan'i Kristy ianareo. Ny mametra-tànana, ny manasitrana ny marary, mahafinaritra izany, saingy, ara-boajanahary daholo izany, fa ho faty indray io vatana io azo antoka fotsiny tahaka ny maha-velona anareo. Ho faty indray izy. "Ankehitriny dia ndao isika hanaisotra an'ireo zavatra rehetra ireo, ka handroso ho amin'ny fahatanterahana."

115 Ahoana no ahatongavantsika amin'ny fahatanterahana? Izany no tiantsika ho fantatra.

. . . Kristy no *nahatanteraka* . . .

"Napetrak'Andriamanitra teo Aminy ny helotsika rehetra. Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika, ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy, tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Izany ilay Vatana izay tiantsika ho tratrarina. Izany ilay Vatana. Nahoana? Raha ao amin'io Vatana io ianareo,

dia tsy hahita fitsarana mihitsy, tsy hanandrana fahafatesana mihitsy ianareo. Afaka amin'ny fahafatesana rehetra ianareo, ny fitsarana, ny fahotana, sy ny zavatra hafa rehetra, rehefa ao anatin'io Vatana io.

116 "Ahoana no idiranao ao amin'Izany, ry mpitory teny? Amin'ny fikambanana amin'ity tabernakla ity ve?" Very ianareo, na izany aza. Tsy afaka mikambana ianareo, na ahoana na ahoana; tsy manana boky iray izahay. "Ahoana no idirantsika ao amin'Izany? Amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana iray ve?" Tsia, tompoko. "Ahoana no idiranareo ao amin'Izany?" Teraka ao amin'Izany ianareo.

117 Korintiana Voalohany 12.

Fa tamin'ny Fanahy iray ihany isika *rehetra* no *natao batisa tao amin'ny vatana iray,* . . .

118 Tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina, no nanaovana batisa antsika tao amin'io Vatana io, ary afaka tamin'ny fahotana isika. Tsy mahita anareo intsony Andriamanitra; Kristy irery ihany no Hitany. Ary rehefa ao amin'io Vatana io ianareo, dia tsy afaka mitsara an'io Vatana io Andriamanitra. Efa nitsara an'Izany Izy. Izy no naka ny fitsarantsika ka nanasa antsika hiditra. Ary amin'ny finoana, amin'ny alàlan'ny fahasoavana, no andehanantsika sy anekentsika ny famelantsika. Ary ny Fanahy Masina no mampiditra antsika ao amin'io fiombonana miaraka Aminy io. "Ary tsy mandeha arak'ireo zavatr'izao tontolo izao intsony isika, fa mandeha ao amin'ny Fanahy."

Namelona, tonga tamintsika ny Teny. Maty teo amin'ny toerako Izy. Izaho no natao velona. Inty aho, izay maty tao amin'ny fahotana sy ny heloka indray mandeha, natao velona. Ny faniriako rehetra dia ny hanompo Azy. Ny fitiavako rehetra dia ho Azy. Ny alehako rehetra dia tiako ho amin'Ny Anarany, ka na aiza na aiza alehako, na inona na inona ataoko, dia manome voninahitra Azy aho. Raha mihaza aho, raha manjono aho, raha milalao baolina aho, raha—raha izaho no . . .na inona na inona ataoko, izaho dia tsy maintsy hoe, "Kristy ato amiko," ao amin'izany karazam-piainana izany, mba hanao ny olona rehetra haniry fatratra ho tahaka an'izany; tsy mifosa, mifanaratsy, ary mifamaly mikasika ny fiangonanareo. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

"Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika tao amin'io Vatana io." "Ary rehefa mahita ny Rà Aho, dia handalo anareo Aho."

119 Henoy. Ndao isika hamaky lavidavitra kely fotsiny eto, azafady.

. . . izay tsy afaka mihitsy *hanao an'ilay* mpanatona ho *tanteraka.*

"Fa . . . " andininy faha-2, ny toko faha-10.

Fa raha izany izy ireo dia *tsy ho nitsahatra nanatitra ve?*

120 Raha afaka nanao an'ilay olona ho tanteraka izany . . . Nefa Andriamanitra dia mitaky fahatanterahana. Raha ny fitandremana ny lalàna, raha ny fanaovana an'ireo didy rehetra, no nanao anareo ho tanteraka, amin'izay fotoana izay dia tsy—tsy ilaina ny manana zavatra hafa; efa natao tanteraka ianareo. Satria, rehefa tanteraka ianareo, dia Mandrakizay ianareo. Satria, Andriamanitra irery ihany no Anankiray izay Mandrakizay, ary Andriamanitra irery ihany no Anankiray tanteraka. Ary ny fomba tokana ahafahanareo ho Mandrakizay, dia ny lasa ampahan'Andriamanitra. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

. . . *nodiovina indray mandeha dia . . . tsy manana fieritreretana ny amin'ny* ota *intsony.*

Inona? "Voadio indray mandeha ilay mpivavaka, mba tsy hanana intsony *fieritreretana . . .* " Raha soratanareo ny fandikana an'izany, izany dia "faniriana."

. . . *ilay* mpivavaka *voadio indray mandeha . . .* dia *tsy manana* faniriana *ny* ota *intsony.*

. . . raha *ilay* mpivavaka no *voadio indray mandeha . . .*

121 Manatona ianareo ankehitriny ka manao hoe, "Oh, haleloia, voavonjy aho omaly hariva. Saingy, eny, isaorana Andriamanitra, *izy* no nahatonga ahy hiverin-dàlana. Haleloia, indray andro any dia ho voavonjy indray aho." Ianareo tsy mahay mamaky teny mahantra tsy niofana. Tsy tahaka an'izany ilay izy.

122 "Vao voadio indray mandeha ilay mpivavaka dia tsy manana fieritreretana ny amin'ny ota intsony," hoy ny Baiboly. Henoy, raha manohy mamaky isika, iray minitra fotsiny.

Fa tao amin'ireo fanatitra ireo . . . dia misy fahatsiarovana ny ota isan-taona.

123 Ankehitriny dia midina isika, hikasika eo amin'ny andininy faha-8, mba hitsitsiana fotoana, ary eo amin'izay no tiako ahatongavana.

Rehefa nolazainy teo *hoe, Ny fanatitra sy* fanomezana *ary fanatitra dorana . . . nohon'ny ota dia tsy ilainao, ary tsy* mba *sitra*kao*; dia ireo aterina araka ny lalàna;*

124 Andininy faha-9.

Dia hoy izy hoe, Inty, aho tonga hanao ny sitrakao, O Andriamanitra. Izy dia manaisotra ny . . . maka . . . *Izy dia manaisotra ny voalohany,* ny lalàna, *mba hampitoerany ny faharoa.*

125 Maniry aho ny hananantsika fotoana hijanona eo amin'izany. Raha mbola Presbyterana iray foana ianareo, na Pentekotista iray, na Batista, na Metodista, dia tsy afaka hanao na inona na inona aminareo mihitsy Izy. Tsy maintsy manaisotra an'izany rehetra izany Izy, aloha, hitanareo, mba Ahafahany mampitoetra an'ilay faharoa. Raha mbola milaza foana ianareo hoe, "Eny, Metodista iray aho." Ah, tsy misy na inona na inona hanoherana an'ireo Metodista, na Batista, na Pentekotista. Fa, rahalahy, izany dia tsy—tsy midika an'izany io. Tsy maintsy mandroso ho amin'ny fahatanterahana ianareo, izany hoe mankao amin'i Kristy.

126 Diniho ity ankehitriny, iray minitra fotsiny.

Amin'izany sitrapo izany . . . no nanamasinana antsika tamin'ny nanaterana ny vatan'i Jesosy Kristy indray mandeha ihany.

127 Hah? Ndao isika hamaky lavidavitra kely fotsiny, ary hazòny izany. Aoka hilentika izany raha mamaky isika, "Indray mandeha ihany."

Ary ny mpisorona rehetra dia mitsangana *isan'andro manao* ny *fanaterana* matetika *an'ilay* fanatitra *iray ihany, izay tsy afaka manaisotra mihitsy ny* fahotana;

Fa ity lehilahy ity, . . .

Vonona ve ianareo? Manana ny palitaonareo misokatra ve ianareo ankehitriny, mba tsy hidifian'izany, mba handehanan'izany ao amin'ny fo avy hatrany? "Fa ity Lehilahy ity." Lehilahy iza? Tsy ilay papan'i Roma, tsy ilay evekan'ny fiangonana Metodista, na fiangonana hafa iray.

Fa ity lehilahy ity, Kristy, *rehefa avy nanolotra fanatitra iray nohon'ny* ota *mandrakizay izy, dia nipetraka* eo *an-tànana ankavanan'Andriamanitra;*

Hatramin'izao dia miandry mandra-pahatongan'ireo fahavalony ho fitoeran-tongony.

Diniho. Indro tonga izy.

Fa tamin'ny fanatitra *iray no* efa n-a-h-a-t-a-n-t-e-r-a-h-a-n-y, *izy* dia *nahatanteraka . . .*

"Hatramin'ny fifohazana manaraka ve"? Inona no nolazain'izany?

. . . izy dia *nahatanteraka mandrakizay an'ireo izay nohamasinina.*

Azonareo ve ilay izy? "Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana."

128 Ankehitriny hoy ianareo olon'ny fahamasinana hoe, "Oh, hia, mino ny fahamasinana izahay. Haleloia! Mino ny fanamasinana izahay." Saingy mandray ny anareo manokana

ianareo. Miala amin'*ity* fotsiny ianareo ary miala amin'*itsy*. Fantatrareo fa tsy tokony hanao an'ilay izy ianareo.

Fa raha tsy Kristy no nanokatra an'ilay varavarana ka namelona an'izany tao amin'ny fonareo, ary lasa eo amin'ny toerana iray izay misy ny fahotana maty ianareo, sy ny faniriana, dia lasa izany rehetra izany. Noho izany, dia Izy no manaisotra ny fahamarinanareo manokana, mba Ahafahany mampitoetra ny Tenany ao anatinareo. "Ary izany no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, ao anatinareo, ilay fanantenan'ny Voninahitra."

. . . *ndao isika handroso* ho *amin'ny fahatanterahana;*

129 Ahoana no ahafahantsika ho tanteraka? Amin'ny alàlan'ny fahafatesan'i Kristy. Tsy amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana. Tsy amin'ny alàlan'ireo asa tsara antsika, izay ataontsika. Mety tsara daholo izany rehetra izany. Tsy hoe satria vita batisa tahaka an'*ity* na tahaka an'*itsy* isika. Tsy hoe satria efa sitrana isika, tamin'ny fametrahan-tànana. Tsy nohon'ny iray amin'ireo zavatra hafa ireo hoe, "Mino ny fahafatesana izahay, ny fandevenana, ary ny fitsanganana."

130 Hoy i Paoly hoe, "Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aho," izany hoe ireo fiteny izay azo sy ireo fiteny izay tsy mety ho azo, izay tsy maintsy adika, "dia tsinontsinona aho. Na dia manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalana aza aho ka mahazo ny fahendren'Andriamanitra rehetra," afaka manazava ny Baiboly, avy amin'ny . . . mamatotra azy hikambana, "dia tsinontsinona aho." Tsy dia mahavita soa betsaka ny mandeha any an-tsekoly raha izany, sa tsy izany, ny mianatra ny Baiboly? "Na dia manana finoana izay ahafahako mamindra tendrombohitra aza aho . . . " Tsy dia midika betsaka loatra ireo asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana raha izany, sa tsy izany? "Tsinontsinona aho. Na dia atolotro ho dorana ho fanatitra iray aza ny tenako."

131 "Oh," hoy izy ireo, "mpivavaka io lehilahy io."

132 "Saingy tsinontsinona izy," hoy i Paoly, "tsy lasa na inona na inona mihitsy."

133 "Fa eo amin'izay misy ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra izy ireo; eo amin'izay misy ny faminaniana, dia hifarana izany; eo amin'izay misy an'ireo zavatra hafa rehetra ireo, dia hifarana. Fa rehefa tonga ilay tanteraka, dia ho levona izay ao amin'ny ampahany." Hitanareo, izay "tanteraka." Inona no tanteraka? Ny fitiavana. Inona ny fitiavana? Andriamanitra. "Ndao isika hanaisotra an'ireo asa maty kely sy fitsipika ireo, ka handroso ho amin'ny fahatanterahana." Hitanareo ve ilay izy? Tanteraka isika amin'ny alàlan'i Kristy. Ahoana no hidirantsika ao amin'Izany? Amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina.

134 "Eny àry, inona no mitranga?" Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo.

135 "Eny, tokony hangovitra ve aho, hitsambikina, hanao an'izany?" Ianareo—ianareo tsy, tsy mila manao na inona na inona ianareo. Efa vitanareo ilay izy, Andriamanitra no nitondra anareo avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, ary velona ianareo. Amin'izay fotoana izay dia ireo voan'ny fiainanareo no maneho an'izany.

136 Maro aminareo Metodista sy Nazareana no nihiakiaka mafy arak'izay azonareo nihiakiahana, nefa mangalatra katsaka eo amin'ny tanimbolin'olona iray, marina izany, manao ny zavatra rehetra izay azo atao.

137 Maro aminareo Pentekotista no niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, tahaka ny mandraraka pitipoa eo amin'ny hoditr'ombivavy, azo antoka, nefa nandeha avy hatrany ka nandositra niaraka tamin'ny vadin'ilay lehilahy teo akaiky, nanao an'ireo karazan-javatra rehetra. Tsy Izany ilay izy, rahalahy.

138 Aza miezaka ny hanana fahatsapana iray na zavatra iray haka ny toeran'ny Fanahy Masina. Rehefa tonga ny Fahateraham-baovao, dia novaina ianareo. Tsy mila manao zavatra iray hanaporofo an'izany ianareo. Ny fiainanareo no manaporofo an'izany, raha mandeha ianareo. Ianareo dia fitiavana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana. Izany ianareo, ka izao tontolo rehetra izao dia mahita ny taratr'i Jesosy Kristy ao anatinareo.

139 Ankehitriny, ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mihiakiaka ao, izany dia ireo toetra fotsiny izay manaraka an'io karazana Fiainana iray io.

Ary ianareo dia afaka, maka tahaka an'ireo toetra ireo, nefa tsy manana mihitsy an'io Fiainana io. Mahita an'izany isika. Firy no mahafantatra fa marina izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka, mahafantatra ianareo. Mahafantatra tokoa ianareo. Oadray! Mahita an'izany ianareo manodidina anareo rehetra.

140 Noho izany, tsy misy na inona na inona azonareo ilazana ho porofon'ny Fanahy Masina, afa-tsy ny fiainanareo izay iainanareo. Ankehitriny, raha te-hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, dia mety tsara tanteraka tokoa izany raha miaina an'ilay fiainana hanohana an'izany ianareo. Marina izany. Ary raha te-hihiakiaka ianareo, mahafinaritra, tsara izany. Izaho dia mihiakiaka, ihany koa, lasa tena faly indraindray ka zara aho raha afaka mahazona kiraro; toy ny hoe mitsambikina tsy misy azy ireo aho. Ary mahafinaritra izany. Mino an'izany aho.

141 Efa nahita fahitana aho, ary ny marary sitrana, ny maty nitsangana. Rehefa nandry tany izy ireo ka lasa ireo dokotera ary nanao hoe, "Vita izy ireo ary lasa," nandry teo nandritry ny ora vitsivitsy; ary nidina avy hatrany ny Fanahy Masina ka

naneho fahitana iray, nidina teo ary nanangana an'io olona io. Efa nahita an'ireo izay marenina aho, moana, sy jamba, ary kilemaina, namindra. Izany tsy . . . Ireo toetra fotsiny izany.

142 Rahalahy, efa ela izay, talohan'ny hany nananan'izao tontolo izao fanorenana iray mihitsy aza; Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny Fahasoavany Mandrakizay, dia niondrika Izy, ka tamin'ny fahalalana mialoha no Nahitany ahy sy ianareo. Fantany hoe taona inona no hiainantsika. Fantany hoe ho inona isika. Noho izany, tamin'ny alàlan'ny fifidianana, no Nifidianany antsika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba hiaraka Aminy tsy misy pentina.

143 Ankehitriny, raha Izy no nifidy antsika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao mba ho ao Aminy tsy misy pentina, nefa isika teraka feno pentina, ka tsy misy na inona na inona hafa afaka . . . tsy misy na inona na inona afaka manadio antsika, dia ahoana no hahatonga antsika ho tsy misy—ahoana no hahatonga antsika ho tsy misy pentina? "Naniraka Ny Zanany lahitokana Izy, mba tsy hananan'izay mino Azy fiafaram-piainana iray, fa hanana Fiainana Mandrakizay; tsy ho levona mihitsy, fa hanana Fiainana Mandrakizay." Amin'izay fotoana izay rehefa miditra ao Aminy isika, dia amin'ny finoana, amin'ny alàlan'ny fahasoavana no namonjena antsika, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina izay niantso antsika.

144 Talohan'ny nisian'ny vatana iray teto amin'ity tany ity, dia efa nandry teto ny vatanareo. Izany dia vita tamin'ny kalsioma, potasy, hamandoana, hazavana kosmika—kosmika, ary solitany, sy ny sisa, singa enina ambin'ny folo. Dia nanomboka nikotrika ny tany ny Fanahy Masina, "nila fitia." Ary raha nanao an'izany Izy, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nipoitra ny voninkazon'ny Paska kely iray. Avy eo dia nikotrika ahitra vitsivitsy Izy, ary vorona vitsivitsy, ary afaka kelikely, dia nivoaka ny lehilahy iray.

145 Ankehitriny, tsy nanao vehivavy iray avy tamin'ny vovoky ny tany mihitsy Izy. Efa lehilahy iray izy, eo am-panombohana; iray ilay lehilahy sy vehivavy. Noho izany dia naka avy tao amin'ny andilan'i Adama Izy, taolan-tehezana iray, ary nanao vehivavy iray, mpanampy azy. Ary avy eo dia niditra ny fahotana. Avy eo taorian'ny nidiran'ny fahotana . . .

146 Tsy ho resy Andriamanitra, tsy mampaninona izay miseho. Tsy ho resy mihitsy Izy. Tamin'izay fotoana izay, dia nanomboka niteraka lehilahy teto an-tany ireo vehivavy. Ary Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahasoavana Mandrakizay, dia nahita hoe iza no ho voavonjy, ary niantso anareo Izy. "Tsy misy olona afaka manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no miantso azy, aloha." "Tsy izay maniry, na izay mihazakazaka, fa Andriamanitra izay maneho famindrampo."

147 Hoy ianareo hoe, “Eny, nitady an’Andriamanitra aho. Nitady an’Andriamanitra aho.” Tsia, tsy nitady mihitsy ianareo. Andriamanitra no nitady anareo. Tahaka an’izany ilay izy tany amin’ny voalohany.

148 Tsy i Adama no nanao hoe, “O Ray, Ray, nanota aho. Aiza Ianao?”

149 Ny Ray no nanao hoe, “O ry Adama, Adama, aiza ianao?” Izany no natioran’ny olona. Izany no ezaky ny olona. Izany no nanaovana azy.

150 “Ary tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy ny Ray no mitarika azy. Ary izay rehetra nomen’ny Ray Ahy. . . ” Haleloia! “Izay rehetra manatona, dia Izaho no hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin’ny andro farany.” Teny fikasana voatahy iray toy ny inona, voatahy toy ny inona, an’Andriamanitry ny Lanitra iray! Ho hitantsika izany rahariva, eo amin’ny hoe, “Nianiana tamin’ny Tenany Izy.” Tsy misy olona lehibe kokoa. Ianareo dia manao fianianana iray amin’ny olona lehibe kokoa noho ianareo. Tsy misy anankiray lehibe kokoa, noho izany dia nanao fianianana iray tamin’ny Tenany Andriamanitra. Hiditra amin’izany isika, hoe ahoana no Nanaovany an’izany ary oviana no Nanaovany an’izany; ary nanao fianianana iray tamin’ny Tenany, fa hanangana antsika Izy ary hanao antsika ho Lovany Manokana.

151 Oh, tanteraka sy mafy toy ny ahoana no ahafahantsika mitsangana, izao maraina izao! Ahoana no ahafahanareo mijery, raha mibanjina manatrika anareo mihitsy ny fahafatesana, ka afaka milaza tahaka an’i Paoly ianareo hoe, “Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao? Fa isaorana Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin’ny alàlan’i Jesosy Kristy Tompontsika.” Eo ianareo izao. Nahoana?

152 “Oh, nanao an’*izao-sy-izao* ianao.”

153 “Fantatro izany, saingy voasaron’Ny Ràny aho.” Haleloia!

154 “Tamin’ny Fanahy iray, no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’ny Vatana iray.” Ianareo Metodista, Batista, Presbyterana, na inona na inona ianareo, natao batisa tao amin’ny Vatana iray isika. Manana fiombonana isika, ary teratanin’ny Fanjakan’Andriamanitra, manambara, fa, “Tsy avy amin’ity izao tontolo izao ity isika.”

155 Tonga ny zanakovavy kely, indray andro, nanao hoe, “Dada, io zazavavy kely io dia nanao an’*izao-sy-izao*. Ary izy ireo nanao an’*izao-sy-izao*. Nandeha nankany amin’ilay trano izahay. Nanao an’*izao-sy-izao* izy ireo.” Hoy aho hoe. . . Hoy izy, “Nahoana isika no tsy manao an’izany?”

156 Hoy aho hoe, “Malala, tsy avy amin’ity izao tontolo izao ity isika. Miaina ao amin’ny tontolo iray an’ny tenany izy ireo.”

157 Hoy izy, "Tsy manitsaka eo an'ilay tany iray ihany ve isika?"

158 Hoy aho hoe, "Avy amin'izao tontolo izao, malala. Tsy avy amin'ireny olona ireny isika."

159 Hoy ny Baiboly hoe, "Mivoaha avy amin'izy ireny, misaraha ianareo, hoy Andriamanitra." Hitanareo, tsy avy amin'izany ianareo. Ary rehefa miditra ao anatinareo io Natiora vaovao io, dia tsy mila sintonina hivoaka ianareo. Tsy te-hiverina ianareo, tahaka ny vadin'i Lota. Nateraka fotsiny ianareo, nivoaka avy tamin'izany. Ary ao amin'ny faritra hafa iray ianareo. Ary toy ny hoe maloto aminareo izany.

Ary ity, ilay Amerika malaza, fatratra izay iainantsika ity, dia lasa fahapotehana goavana iray an'izany. Ny zavatra rehetra dia fitsiriritana sy vehivavy. Ary ny fomba iakanjoan'ireo vehivavy, ny fomba fihetsik'ireo lehilahy, ary—ary ireo zavatra izay ataony, nefa avy eo dia miantso ny tenany hoe, "Kristiana."

160 Ohatra, io Elvis Presley io, mandeha ary mikambana amin'ny fiangonana Pentekotista ankehitriny. Mazava ho azy, eo no . . . Nahazo volafotsy madinika telopolo i Jodasy. Elvis nahazo Cadillacs iray dia, ary—ary dolara an-tapitrisany vitsivitsy, nohon'ny fivarotana ny fizokiany. Arthur Godfrey. Jereo izany.

161 Jereo eto i Jimmy Osborne any Louisville, any miaraka amin'io boogie-woogie ratsy io, rock-and-roll, fahadalana ratsy sy loto. Nefa ny Alahady maraina, dia mandray ny Baiboly ka mitsangana eo amin'ny lampihazo ary mitory teny. Fahafahambaraka iray toy ny inona!

Tsy mahagaga raha nilaza ny Baiboly hoe, "Feno lò ny latabatra rehetra." Nahoana, miaina ao amin'ny andro mahatsiravina iray isika!

162 Dia hoy ny olona hoe, "Oh, tena mpivavaka izy ireo." Oh! Tsy fantatrareo ve fa mpivavaka ny devoly? Tsy fantatrareo ve fa tena mpivavaka tahaka an'i Abela mihitsy i Kaina? Saingy, tsy nahazo ny Fanambarana izy. Izay ilay izy. Tsy nahazo ny Fanambarana izy.

Hia, mandeha any am-piangonana isika rehetra, saingy misy sasany mahazo ny Fiainana, izany dia ireo izay manana ny Fanambaran'i Jesosy Kristy ao am-pony. Tsy amin'ny alàlan'ny fangovitana, fitsambikinana, tsy amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana. Fa, ny Fanambarana, Andriamanitra no nanambara Azy.

163 Jereo izay voalaza, "Ataon'ny olona ho iza moa, Aho, ilay Zanak'olona?"

164 "Ny sasany milaza fa Ianao dia 'mpaminany iray." Ary ny sasany milaza fa Ianao no 'Elias.' Ary ny sasany . . . "

Hoy Izy, "Fa ianareo milaza hoe iza?"

165 Hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona." Tsy avy tamin'ny molony izany.

166 Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona, zanak'i Jonasy, fa tsy ny nofo aman-drà mihitsy no nanambara an'izany. Tsy nianatra an'izany mihitsy ianao tamin'ny etika iray—iray an'ny Baiboly, na seminera teolojika iray. Sambatra ianao, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao. Fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an'izany. Ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy afaka mandresy Azy."

167 Raha Kristiana iray ianareo, izao maraina izao, satria mikambana amin'ny fiangonana, dia very ianareo. Raha Kristiana iray ianareo satria efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, dia afaka amin'ny fitsarana ianareo; ao amin'i Kristy, dia lasa ao amin'ny fahatanterahana foana ianareo. Tsy afaka mahita zavatra iray Andriamanitra. Hoy ianareo hoe, "Eny, mety hanao fahadisoana iray ve aho?" Azo antoka, saingy tsy minia manao an'izany ianareo.

168 Ankehitriny dia hiditra ao amin'izany isika, afaka minitra vitsy mihitsy, "Fa izay minia manota rehefa avy nandray ny fahalalana ny Fahamarinana, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony." Hiditra eo amin'izany isika rahariva, satria efa somary tara loatra ankehitriny.

169 Ndao isika hamaky andininy vitsivitsy amboniny fotsiny an'ity, mba ahafahantsika mahatsapa tsaratsara kokoa fa midina kely hatrany isika. Eny àry. Eny, hanomboka eo amin'izany mihitsy isika rahariva, ny andininy faha-4. Henoy ity.

> *Fa tsy azo atao ho an'ireo izay nohazavaina indray mandeha, sady* natao . . . *sady* efa . . . *sady efa nanandrana ny* hery, *ny* fanomezana *avy any an-danitra, ary efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,*
>
> *Ary . . . nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra, sy ny* herin'*ny fiainana ho avy,*
>
> *Raha hihemotra izy ireo, ny hanavao ny* tenany . . . ho amin'ny *fibebahana;* . . .

Hitanareo? Koa entintsika ao amin'ny Hebreo 10 io, ary mandroso sy miverina, mba hanehoana hoe inona io.

170 Ry sakaiza, "Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Isika dia manana . . . isika tsy . . . Tsy misy fialan-tsiny isika androany. Isika tsy manana fialan-tsiny, mihitsy. Ilay Andriamanitry ny Lanitra dia niseho ao amin'izao andro farany izao ary manao an'ireo zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony tamin'izany, fony Izy teto taloha, rehefa teto antany Izy. Izy no nanaporofo, araky ny nitetezantsika an'ity

Baiboly ity. Ary ianareo—ianareo, ry kilasy, dia mahafantatra an'izany, efa naka an'ireo fahagagana sy fahagagana isika, ary famantarana sy famantarana, ary zava-mahagaga sy zava-mahagaga, izay Nataony tamin'ireo zanaka tany an-efitra, ireo zavatra sy famantarana izay Nataony; ireo zavatra izay Nataony fony Izy teto an-tany teto, voaseho tao amin'ny nofo; ary ireo zavatra ireo ihany mihitsy no miseho, eo anivontsika eto mihitsy. Ity ny Teny mba hanamarina an'izany. Ity no zavatra izay milaza fa marina izany, manao an'izany ho marina. Eto ny Fanahin'Andriamanitra mba hanao an'ilay zavatra iray ihany, noho izany dia tsy misy fialan-tsiny iray isika.

Ndao isika hivavaka.

171 Ray any An-danitra! Satria voahodidin'ny vavolombelona lehibe toy ny rahona izahay, dia mamelà anay hanaisotra ny teny rehetra, ny zavatra rehetra, ny fahadisoana rehetra, ny teny ratsy rehetra, ny teny diso fiteny rehetra, ny eritreritra rehetra, "fa ndao isika hihazakazaka amim-paharetana an'ilay hazakazaka izay mipetraka eo alohantsika, mijery an'ilay mpanao sy mpanefa ny finoantsika, Jesosy Kristy Tompo." O isaorana anie Ny Anarany tsy manan-tsahala sy masina! Ahoana fa tonga teto an-tany Izy mba hanavotra ny olona lavo, ary hamerina azy ireo ao amin'ny fiombonan'ny Tompo Andriamanitra. Ary misaotra Anao izahay ny amin'izany. Ary ankehitriny nohon'ny Fahasoavany. . . Tsy izahay mihitsy no nifidy Azy, fa Izy no nifidy anay. Hoy Izy hoe, "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo." Oviana? "Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

172 Ary, Andriamanitra malala, raha misy sasany mipetraka eto izao maraina izao, izay nanemotra an'izao nandritry ny taona sy taona angamba, saingy misy fandondòmana kely iray tsy ankitsahatra ao amin'ilay fo. Angamba nikambana tamin'ny fiangonana izy ireo, nihevitra hoe, "Eny, ho mety tsara izany." Ray, azo antoka, ny Soratra no nanazava an'izany izao maraina izao hoe: tsy afaka miafina ao ambadiky ny fiangonana iray ianareo, ka ho marina; tsy mety ho tsara koa ianareo, tsy mandainga sy mangalatra ary manao zavatra ratsy, ka mbola ho marina foana.

173 Fahamarinana iray ihany no anananay, tsy avy amin'ny anay manokana, fa ny Fahamarinany. Izy no nahatanteraka ny famonjenay. Noho izany, satria ao Aminy, dia tsy mahita ny fahadisoanay Andriamanitra. Rehefa manao zavatra ratsy izahay, dia misy fanahy iray ao anatinay miantsoantso hoe, "O Ray, mamelà ahy!" Amin'izay fotoana izay dia tsy mahita an'izany Andriamanitra. Ary izany dia, entina ao amin'ny fiombonana sy ny fahasoavana miaraka Aminy izahay. Ekeo izany, Tompo, raha mamarana an'ity fotoana ity izahay, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

174 Mandritry ny fotoana fohy fotsiny, te-hanontany anareo aho. Tsy mampaninona izay ataonareo, very ianareo. Henoy ity. Indray andro lasa . . . Mety efa niteny an'ilay izy aho tany aloha. Ity misy fahatsapana kely iray izay nitranga tamiko.

175 Izaho dia tany—tany Toledo, Ohio. Tao amin'ny fifohazana iray aho ary—ary nanao fivoriana tany ary tena olona betsaka. Izy ireo dia nahafantatra an'ireo hotely izay nisy ahy; noho izany dia nitondra ahy nankany ambanivohitra izy ireo. Nijanona tany aho, tao amin'ny tranom-bahiny kely iray.

176 Nihinana tao amin'ny trano fisakafoanana kely Dunkard izahay. Toerana iray mahafinaritra izany, ireo ramatoa kely tao anatiny tao, tena Kristiana mihitsy ary toy ny masina arak'izay naha-izy azy ireo, madio sy tena mahafinaritra. Tonga ny Alahady, noana aho. Efa nifady hanina kely aho. Ary te-hiampita an'ilay làlambe hankany amin'ny iray hafa aho, hisakafo kely. Làlana kely iray tany teo amin'ny zoron-dàlana, ary nisy toerana Amerikana tsotra iray fotsiny, mahazatra, tany, mba hihinanana. Kely, nanana toerana kely iray, fisotroan-kafe iray, nivoha nandritry ny alina manontolo. Rehefa niditra tao aho tamin'io Alahady io, teo amin'ny roa ora tolakandro teo, talohan'ny nandehanana nitory teny tamin'io tolakandro io, dia tena tratra aho, tsy fantatro izay hatao.

177 Niditra aho, ary ny zavatra voalohany voamariko dia ramatoa tanora iray teo amin'ny enina ambin'ny folo, valo ambin'ny folo taona, malalan'ny papany iray, malalan'ny mamany iray, nitsangana teny aoriana niaraka tamin'ny zazalahy iray, niaraka tamin'ny tànany nanodidina ny valahany. Andian-jatovo no nipetraka teo amin'ilay—teo amin'ilay latabatra fivarotana.

178 Nandre milina filokana aho. Nijery *taty* aho, ary nisy polisy iray nitsangana teo niaraka tamin'ny sandriny nanodidina ny vehivavy iray, saiky hatreto, teo amin'ny valahany, ary nilalao milina filokana iray. Ankehitriny, fantatrareo fa ny filokana sy ny milina filokana dia tsy ara-dalàna any Ohio, ianareo vahoaka Buckeye eto. Ary fantatrareo fa tsy ara-dalàna izany. Ary teo ilay lalàna, nilalao milina filokana iray; ary lehilahy iray mitovy taona amiko, manambady angamba, miaraka amin'ny andian'ankizy, angamba raibe iray. Polisy iray, mpisafo làlana, nilalao milina filokana iray. Teo io tanora . . . Inona no nataon'ny adolantsento iray? Inona no nataon'io?

179 Nitsangana teo aho. Tsy nisy olona nahamarika ahy niditra, sahirana loatra izy ireo, ny antsasak'izy ireo dia mamo. Noho izany, nandinika aho. Nandre olona iray aho nanao hoe, "Eny, mihevitra ve ianao fa handratra ny rhubarbe [Voly iray fihinan-taho—Mpand.] ny orana?" Dia nitodika nankaty aho, ary indro nisy ramatoa iray nipetraka teo, ramatoa antitra, tena . . . Dimy amby enimpolo taona izy, fitopolo, manakaiky an'izany. Ary ilay

ramatoa mahantra . . . Tsy manome tsiny na iza na iza amin'ny hanatsarany amin'ny tsarany indrindra aho. Fa rehefa izy . . . Nanamboatra ny tenany izy, nataony manga ny volony, tena manga mihitsy. Ary tapaka tanteraka, hatreo amin'ny tampony, ary nataony tena manga izany. Ary nanao lokon-tarehy tena matevina izy, na inona no iantsoanareo an'ilay karazan-javatra napetrany teo amin'ny tarehiny, ary tasy goavana be iray. Ary nanao sorta bitika kely izy, ary tena feno kentrona ilay zavatra antitra mampalahelo hany ka ny nofony, ny jaborany, ny nofony dia nikiraviravy tahaka an'*izao* teo amin'ny ranjony. Ary mamo izy. Nipetraka teo izy niaraka tamin'ny lehilahy antitra iray, ary tamin'ny andro fahavaratra izany, nanao ny iray tamin'ireo pardesy tranainy, volon-davenona an'ny tafika, na maitso-oliva. Nihantona tahaka an'*izao* ilay izy, ary fehi-tenda goavana iray nanodidina ny tendany. Mamo, izy roa, ary niaraka tamin'io vehivavy antitra mahantra io izy ireo.

180 Nitsangana teo aho ary nijery nanodidina. Hoy aho hoe, "Andriamanitra, ahoana no Ahafahanao mahatanty an'izao? Inona—inona . . . Ahoana no Ijerenao an'izao karazan-javatra izao? Nefa, raha izao no manao ahy, mpanota iray novonjena nohon'ny fahasoavana, hieritreritra an'izany, dia ahoana no—no Ahafahanao mijery an'izany? Nahoana, ilay izy dia toy ny hoe handoro an'ilay zavatra miharihary Ianao. Tsy maintsy hitombo eo ambanin'io karazana fitaomana iray io ve i Rebekah sy Sarah keliko? Ireo zanakovavy kely anankiroa ve dia tsy maintsy hifanena amin'ny—ny tontolo malaza iray, diso fantatra, tahaka ny amin'izao andro izao, izay misy olona mihetsika tahaka an'izao? Andriamanitra, ahoana no mba ahafahako . . . inona no azoko atao?"

Mazava ho azy, ny Fahasoavany izany. Raha voalahatra ho amin'ny Fiainana Mandrakizay izy ireo, dia ho tonga eo amin'izany. Raha tsy voalahatra izy ireo, dia tsy ho tonga. Tsy fantatro. Miankina amin'Andriamanitra izany. Hanao ny anjarako aho.

181 Nieritreritra aho hoe, "Ahoana no Ahafahanao mahatanty an'izany, Andriamanitra? Toy ny hoe tena masina Ianao ka hamafa an'io zavatra io fotsiny hiala amin'ny tany Ianao." Hoy aho hoe, "Jereo io renibe mahantra mipetraka eo io. Jereo io zazavavy tanora ery aoriana ery io. Ary indro misy vehivavy iray mitsangana eto, dimy amby roapolo taona angamba. Ary io polisy io miaraka amin'ny sandriny manodidina ny valahany, milalao milina filokana. Ary *io* ilay lalàna; vita ilay firenena. *Io* ilay maha-reny fa vita. *Indro* ilay zokiolona fa vita. Ary *indro* ny zazavavy tanora iray izay mipetraka ery aoriana ery, ary vita ny aminy. Jereo ireo zazalahy, nefa tokony ho any am-piangonana izy ireo na any ho any."

182 Hoy aho hoe, "O Andriamanitra, inona no azoko atao? Ary indro aho ato amin'ity tanàna ity, miantsoantso amin'ny foko

rehetra, nefa tsy miraharaha an'izany izy ireo ary mandeha toy ny hoe izy ireo dia . . . " Nieritreritra aho hoe, "Eny, Andriamanitra?"

183 Eny, tamin'izay fotoana izay dia tonga ny eritreritra iray hoe, "Raha tsy niantso an'izy ireo Aho, dia ahoana no ahafahan'izy ireo ho avy? Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona. 'Manana maso ianareo fa tsy afaka mahita, sofina fa tsy afaka mandre.'"

184 Nieritreritra aho hoe, "Eny, raha ny Filoha no ho tonga eto amin'ny tanàna eo amin'ny toeran'ny fifohazana, dia ho avy ny olona rehetra. Oh, azo antoka, izany izao tontolo izao."

185 Tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nieritreritra aho hoe, "Eny, Andriamanitra, ahoana, nahoana no tsy mandeha fotsiny Ianao, tonga, maniraka an'i Jesosy ka ndao isika hamarana an'ilay izy? Tsy handeha fotsiny—handeha fotsiny ka hamarana an'io rehetra io, ary hamela azy handeha?"

186 Tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nahita zavatra nihetsika teo anoloako aho. Ilay izy dia tahaka ny tadio kely nihodinkodina tahaka an'*izao*. Nanohy nandinika an'ilay izy aho. Nahita tany iray nihodina nanodidina sy nanodidina aho. Nodinihako ilay izy, ary nisy zavatra nafafy teo. Nijery aho, ary famafazana iray an'ny Rà mena, jaky izany, nanerana, nanodidina ny tany; tahaka ny tadio nandeha nihodinkodina fotsiny, tahaka ny kintana manan-drambo iray, ary nanana tadio iray nanodidina tahaka an'*izao*. Dia nojereko io tadio io. Ary teo amboniny mihitsy, dia nahita an'i Jesosy tao amin'ny fahitana aho. Nijery ambany Izy. Ary nahita ny tenako nitsangana teto an-tany teto aho, nanao an'ireo zavatra izay tsy tokony nataoko. Ary isaky ny nanota aho, dia tokony ho namono ahy Andriamanitra, "Satria, ny andro ihinananao an'izany, no andro ahafatesanao." Ary ny fahamasinana sy ny fahamarinan'Andriamanitra no mitaky, ka tsy maintsy maty ianareo. Ary tamin'izay fotoana izay dia nijery teo aho. Nanohy nikosoka ny masoko aho. Hoy aho hoe, "Izaho tsy . . . Tsy natory mihitsy aho. Izaho dia . . . Fahitana iray ilay izy. Azoko antoka fa fahitana iray ity."

187 Nanohy nandinika aho, raha nitsangana tao ambadik'ilay varavarana. Ary nahita an'ireo fahotako manokana nipoitra aho. Ary isaky ny nanomboka hahatratra an'ilay Seza fiandrianana izy ireo, dia mihetsika toy ny arom-pifandonana iray eo amin'ny fiara iray Ny Ràny. Izany no naka an'ilay izy, ary nahita Azy voadona aho, ka niraraka teo amin'ny Tavany ilay Rà. Ary nahita Azy nanangana ny Tànany aho, ka nanao hoe, "Ray, mamelà azy, tsy fantany izay ataony."

188 Nahita ny tenako nanao zavatra hafa aho, nandona Azy indray izany, fandonana. Izany dia ho, ho namono ahy teo no ho eo Andriamanitra, saingy Ny Ràny no nandray ahy. Izany no

nihazona ny fahotako. Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, nahavita an'io ve aho? Azo antoka fa tsy izaho izany." Fa izany ilay izy.

189 Noho izany dia nandeha tahaka an'*izao* aho, toy ny hoe nandeha nitety an'io efitra io, ary nandeha nanakaiky Azy aho. Nahita boky iray aho nipetraka teo, nanana ny anarako teo aminy izany, ary voasoratra nanerana azy ireo karazana soratra mainty rehetra. Hoy aho hoe, "Tompo, manenina aho nanao an'io. Ireo fahotako ve no nahatonga Anao hanao an'io? Nampihodinkodina Ny Ràhao nanerana an'izao tontolo izao ve aho? Izaho ve—nanao an'izany Taminao ve aho, Tompo? Manenina aho nanao an'izany." Dia naninji-tànana Izy. Hoy aho hoe, "Hamela ahy ve Ianao? Tsy fanahy iniako ny nanao an'izany. Izaho dia . . . Ianao, nohon'ny Fahasoavanao, hiezaka aho ny ho zazalahy iray tsaratsara kokoa raha hanampy ahy fotsiny Ianao."

190 Nandray ny Tànany Izy ary nikapokapoka ny Valahany, naka ny Fanondrony ary nanoratra hoe "voavela" teo amin'ny bokiko; nanipy an'izany tany Aoriany, ilay Ranomasin'ny Fanadinoina. Nandinika an'izany vetivety aho. Dia hoy Izy hoe, "Ankehitriny, mamela anao Aho, nefa ianao te-hanameloka azy." Hitanareo? Hoy Izy, "Voavela ianao, saingy ahoana ny aminy? Te-hanapoaka azy ianao. Tsy tianao ho velona izy."

191 Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, mamelà ahy. Tsy te-hihevitra an'izany aho. Tsy te-hanao an'izany aho. Izaho—izaho—tsy te-hanao an'izany aho."

192 "Voavela ianao. Mahatsapa ho tena tsara ianao. Fa ahoana ny aminy? Izy dia mila an'izany, ihany koa. Mila an'izany izy."

193 "Eny," nieritreritra aho hoe, "Andriamanitra, ahoana no ahafantarako hoe iza no Nantsoinao, ary iza no tsy Nantsoinao?" Andraikitro ny miteny amin'ny olona tsirairay.

194 Noho izany, rehefa niala tamiko ilay fahitana, dia nanatona azy aho. Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao, ramatoa?" Fa nandeha nankany amin'ny trano fivoahana ireo lehilahy roa. Ary izy ireo . . . Nipetraka teo izy, nitsakoahana, fantatrareo, nihomehy. Nipetraka teo ambonin'ny latabatra ilay tavoahangin'ny whisky, na labiera, izay ilay izy, nipetraka teo ilay alikaola, izay nosotroin'izy ireo. Nanatona aho. Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao?"

Dia hoy izy hoe, "Oh, akory."

Dia hoy aho hoe, "Afaka mipetraka ve aho?"

Hoy izy hoe, "Oh, manana namana aho."

Hoy aho hoe, "Tsy tahaka an'izany no tiako ho lazaina, ranabavy."

Nijery ahy izy rehefa niantso azy aho hoe "ranabavy." Hoy izy hoe, "Inona no ilainao?"

Hoy aho hoe, "Afaka mipetraka iray minitra fotsiny ve aho?"

Hoy izy hoe, "Ampio ny tenanao." Dia nipetraka aho.

Noteneniko taminy izay nitranga. Hoy izy hoe, "Iza no anaranao?"

Dia hoy aho hoe, "Branham."

Hoy izy hoe, "Ianao ve ilay lehilahy ao amin'io toera-malalaka eto io?"

Hoy aho hoe, "Eny, madama."

195 Hoy izy hoe, "Efa naniry ny handeha ho any aho." Hoy izy hoe, "Atoa. Branham, notezaina tao amin'ny fianakaviana Kristiana iray aho." Hoy izy hoe, "Manana zanakavavy tanora roa aho izay Kristiana. Saingy nisy, nisy zavatra nitranga," ary tonga teo amin'ilay làlan-dratsy izy, na nanomboka.

196 Hoy aho hoe, "Saingy, ranabavy, tsy ahoako, mbola manodidina anao foana ilay Rà. Ity tany ity dia rakotry ny Rà." Raha tsy nandrakotra Izy, dia ho namono antsika Andriamanitra, ny tsirairay avy. Izy. . . Rehefa esorina io Rà io, dia miandrasa ny fitsarana. Fa ankehitriny, raha maty tsy manana an'io Rà io ianareo, dia handeha any ankoatr'io toerana io, amin'izay fotoana izay dia tsy misy na inona na inona hihetsika ho anareo. Androany dia mihetsika misolo ny toeranareo ilay Rà. Hoy aho hoe, "Ramatoa, azo antoka, fa mbola mandrakotra anao foana ilay Rà. Raha mbola manana fofon'aina foana ianao ao amin'ny vatanao, dia manao anao ho voarakotra ilay Rà. Fa indray andro any rehefa miala eto ny fofon'aina, mivoaka ny fanahy, dia handeha any ankoatran'io Rà io ianao, ary tsy misy afa-tsy ny fitsarana. Raha mbola manana anjara iray ho an'ny famelàna ianao . . . " Dia noraisiko tamin'ny tànany izy.

197 Nitomany izy, nanao hoe, "Atoa. Branham, misotro aho."

198 Hoy aho hoe, "Tsy mampaninona izany. Misy zavatra iray, iray hafa nampitandrina ahy ho avy hiteny aminao." Hoy aho hoe, "Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa niantso anao, ranabavy. Fa nanao ratsy ianao, ary ianao irery ihany no nanao an'ilay izy hiha-ratsy."

199 Hoy izy hoe, "Mihevitra ve ianao fa handray ahy Izy?"

200 Hoy aho hoe, "Izany tokoa, handray anao Izy."

201 Teo tamin'ny lohaliny, nandohalika teo afovoan'ilay gorodona izahay, ary fivoriam-bavaka tamin'ny fanao fahiny iray. Nanala ny satrony ilay polisy ary niankohoka tamin'ny lohalika anankiray. Nanana fivoriam-bavaka iray izahay teo, tao amin'io toerana io. Nahoana? Masi-mandidy Andriamanitra.

"Esory ireo asa maty, ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana."

202 Ndao isika hiditra amin'io faritra io izay misy an'ireo, "mikambana amin'ny fiangonana aho; mikambana amin'*itsy* aho," tapitra daholo izany. Fa ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana.

203 Ry sakaizako mpanota, raha tsy manana an'ilay Rà ianareo androany, tsy manana famonjena, tsy manana fahasoavana, dia mitahiry anareo ny Ràn'i Jesosy Kristy. Hoy ianareo hoe, "Eny, nilamina foana aho hatramin'ity fotoana rehetra ity." Fa indray andro any ianareo dia handeha eo amin'izay tsy misy na inona na inona hihetsika ho anareo amin'izay fotoana izay.

Ndao isika hivavaka ankehitriny, raha mbola manondrika ny lohantsika isika.

204 Misy ve, hisy ve, anankiray eto androany izay te-hiteny hoe, "Andriamanitra mamindrà fo amiko, fantatro fa nanao ratsy aho"? Angamba efa nikambana tamin'ny fiangonana ianareo. Mety tsara izany. Saingy raha tsy nandray ny fahasoavan'i Kristy ianareo, dia hanangana ny tànanareo ve ianareo ka hanao hoe, "Mivavaha ho, ahy, Rahalahy Branham"? Andriamanitra hitahy anao, andriamatoa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Marina izany. Aza. . . Andriamanitra hitahy anao, tompoko, iry aoriana iry. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao. Ery amin'ny farany aoriana ery, eny, Andriamanitra hitahy anao. Atsangano ny tànanareo. Marina izany. Atsangano fotsiny ny tànanareo, ka manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko."

205 Hoy ianareo hoe, "Mikambana amin'ny fiangonana aho, Rahalahy Branham. Eny, izaho—niezaka ny ho tsara aho, saingy tsy fantatro, izaho fotsiny dia toy ny hoe, tahaka ny, tsy mety vitako fotsiny ilay izy." Oh, ry mpivahiny mahantra, sakaiza mahantra nohalemen'ny taona, tsy mbola nahita marina mihitsy tokoa ny fahitana ianareo.

206 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, nihiakiaka aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nanao an'ity rehetra ity aho." Izany dia mety ho marina, ihany koa. Mety tsara daholo izany, tsy misy na inona na inona ho lazaina manohitra an'izany.

Saingy, ry sakaizako malala, very, saingy, ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na ny mangovitra, na ny mandray tànana, na ny vita batisa, izany, mety tsara daholo izany. Saingy, ny mahafantatra Azy, dia ny mahafantatra Olona iray. "Ny mahafantatra Azy no Fiainana."

207 Hoy ianareo hoe, "Izaho dia mahafantatra ny Baiboly, tena tsara." Eny, ny mahafantatra ny Baiboly, dia tsy Fiainana. "Ny mahafantatra Azy," ilay mpisolo anarana, "ny mahafantatra Azy, Kristy," hoe fantatrareo fa namela anareo Izy.

Hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo, indray, olonkafa iray? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao eto, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, lehilahy tanora.

Andriamanitra hitahy anao eto, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ery amin'ny farany aoriana, ery. Marina izany. "Ny mahafantatra Azy, no Fiainana."

"Rahalahy Branham, tsarovy aho. Izaho ankehitriny, eto amin'ny sezako mihitsy, dia hanaiky an'i Kristy."

208 Manaova hoe, "Midira ato am-poko, Tompo Jesosy, ary omeo ahy izany fiadanana izany, izany fahamoram-panahy izany." Mandeha any am-piangonana, mitendry mozika mafy arak'izay vitanareo, mandihy mandroso-sy-miverina, mihazakazaka manerana ny làlantsara; mandeha mody, manahy, ary misavoana, sy mifamaly, tsy izany no Kristy. Mandeha any am-piangonana ianareo, mipetraka ary mihaino toriteny kely iray mikasika ny hoe ahoana no handokoana an'ilay tetezana, na zavatra iray, iray hafa tahaka an'izany, tsy mihaino ny Teny mihitsy. Ny Teny no mitondra Fiainana. Voa iray Izany. Tsy mila fiadanana ve ianareo?

209 Manahy ny ho faty ve ianareo? Raha tratry ny aretim-po ianareo androany, dia mampanahy anareo ve izany? Sa hifaly ianareo, mba hilaza hoe, "Handeha hiaraka amin'ny Tompo Jesosy aho eo amin'ny faran'ity làlana ity"? Mahafantatra Azy ve ianareo? Raha tsy mahafantatra ianareo, dia atsangano fotsiny ny tànanareo. Hangata-bavaka ho anareo izahay. Eny, rahalahy, ianao, ihany koa.

210 Eny àry, ao am-ponareo ankehitriny.

> Arak'izay maha-izy ahy fotsiny, tsy misy fiangaviana iray,
> Afa-tsy Ny Ràna o izay nararaka (ho an'iza?) ho ahy,
> Satria mampanantena aho, hino aho,
> O ry Zanak'ondry, O ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, inty aho. Inty aho, amim-pahalemem-panahy, amin'ny famindram-po.
>
> Arak'izay . . .

Manatòna Azy avy hatrany fotsiny, amin'ny finoana. Minoa fa mitsangana eo anilanareo mihitsy Izy. Izany Izy.

> . . .-andry intsony
> Hanala amin'ny fanahiko (firy ankehitriny?) ny iray . . . (fahatezerana, lolom-po),
> Ho eo Aminy Izay manana ny Rà afaka hanadio ny pentimpentina tsirairay,
> O ry Zanak'ondry . . .

211 "Amin'ny finoana no hanatonako ny hazo fijaliana, izao maraina izao. Apetrako ny enta-mavesatro. Inty aho." Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry. Tsara izany. [Manomboka misamonomonona ny *Arak'Izay Maha-*

izy Ahy Fotsiny Rahalahy Branham—Mpand.] Aza tsy miraika ankehitriny. Amin-kafanana, am-pahamoram-panahy, manatòna avy hatrany eo amin'ny hazo fijaliana.

212 Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nitondra zanak'ondry iray izy ireo. Fantatr'izy ireo fa nanota izy ireo, fantatr'izy ireo tamin'ny alàlan'ireo didy izany. Fantatrareo izany ankehitriny, satria niresaka tamin'ny fonareo Andriamanitra. Nijery tao amin'ireo didy izy ireo hoe, "Aza mijangajanga. Aza manao an'*izao-sy-izao*." Dia naka zanak'ondry iray izy ireo, nandeha ary nametraka ny tànany teo ambonin'ilay zanak'ondry, ny mpisorona no nanapaka ny tenda. Nitsipatsipaka ilay biby kely, ary nivoa-drà, sy nibarareoka, ary maty. Rakotry ny rà tanteraka ny tànany. Maty nisolo ny toerany ilay zanak'ondry, saingy nivoaka niaraka tamin'ilay faniriana iray ihany hanao an'ilay izy indray izy.

213 Fa eto amin'ity toerana ity, dia tonga amin'ny finoana isika, amin'ny alàlan'ny fahasoavana. Andriamanitra no niantso antsika. Mametraka ny tànantsika eo amin'ny lohan'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra isika. Mandre an'ilay maritoa misavily isika. Mandre an'ilay Feo isika hoe, "Mangetaheta Aho; omeo Aho ho sotroina. Ray, aza apetraka ho andraikiny izao fahotana izao; tsy fantatr'izy ireo izay ataony." Hitanareo? Amin'ny finoana, no ahatsapantsika ny Fahafatesany eo amin'ny toerantsika. Ao ambanin'ny fontsika ao no tonga ny fiadanana lalina iray, voapetraka, rehefa hoy ny Feo iray hoe, "Voavela ianao ankehitriny. Mandehana ary aza manota intsony." Ahoana, nohon'ny fahasoavana, amin'izay fotoana izay, no handehanantsika tsy miaraka amin'ilay faniriana iray ihany, fa faniriana iray tsy hanota intsony na hanao zavatra ratsy. Ilay fiadanana izay mihoatra ny fahalalana rehetra, no niditra tao am-pontsika.

Enga anie ianareo handray Azy ankehitriny raha mivavaka isika, ny tsirairay avy, miaraka.

214 Ray any An-danitra, manatona amin'ny finoana izy ireo, amin'ny alàlan'ny fahasoavana. Nisy teo amin'ny roa ambin'ny folo teo ny tànana nitsangana. Izany no vokatry ny Hafatra. Manatona Anao izy ireo. Mino izy ireo. Izaho dia mino azy ireo, ihany koa, Tompo. Mino aho fa, marina tokoa, ny Fanahy Masina no niresaka tamin'izy ireo. Ary amin'ny finoana no hiakaran'izy ireo avy hatrany an'ilay tohatr'i Jakoba ankehitriny, hatreo amin'ilay tongotry ny hazo fijaliana mihitsy, eo no mipetraka ny fahotan'izy ireo rehetra, ka manao hoe, "Tompo, be loatra ilay izy ho ahy. Tsy afaka mitondra an'izany intsony aho. Ka hanaisotra ny vesatry ny fahotako ve Ianao, ary hanala ao am-poko ny faniriana hanao an'izany? Ary avelao aho, amin'ny finoana, amin'ity andro ity, handray Anao ho Mpamonjiko manokana. Ary manomboka izao, dia hanaraka Anao isaky ny maily rehetra an'ny làlana aho, hatramin'ny fahataperan'ny dia.

Nahazo indray mitopi-maso aho ny dikan'ny hoe 'mandroso ho amin'ny fahatanterahana,' tsy hoe mandeha any am-piangonana, sy ireo fakan'ny asa maty toy ny batisa sy ny sisa. Fa te-handroso aho, mandra-pahatonga ahy tsy hisy intsony, ka Kristy no afaka ho velona ato amiko."

215 O Jesosy, ekeo izany ho an'ny fanahy mibebaka tsirairay, izao maraina izao. Ny tsirairay avy izay manangana ny tànany dia hahazo Fiainana Mandrakizay satria Ianao no nampanantena an'izany. Nanao fanekena am-pahibemaso izy ireo. Manangana ny tànany izy ireo. Nandrava ny lalàn'ny fisintonana rehetra izy ireo. Nanao ny siansa hahatsapa ho menatra ny tenany izy ireo, satria hoy ny siansa hoe, "Tsy maintsy mihantona ny sandrinareo." Ny zavatra rehetra dia nanaporofo an'izany ao amin'ny siansa, hoe tsy maintsy mijanona mifatotra amin'ny tany izany, satria ny fisintonana no mihazona azy ho ambany. Saingy nisy fanahy iray tao amin'izy ireo izay nandray fanapahan-kevitra iray, ary nanohitra an'ireo lalàn'ny fisintonana izy ireo ka nanangana ny tànany. Hitanao izany, Tompo. Ianao no nametraka ny anaran'izy ireo tao amin'ilay Boky. "Voavela." Ilay boky tranainy dia niverina any amin'ny Ranomasin'ny Fanadinoina ankehitriny, tsy ho tsarovana intsony mihitsy. Avelao izy ireo handroso androany, ho Kristiana tia, malemy fanahy, mba hanompo Anao. Ary maro angamba no tsy nanangana ny tànany, ekeo ho azy ireo koa izany.

216 Aoka ireo olo-masina handeha akaikikaiky kely kokoa, Tompo, satria eo amin'ny andro iray manakaiky ny Trano noho ny nisy anay omaly izahay. Mombà anay Ianao, Tompo, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay ary ho an'ny Voninahiny. Amena.

Hebreo, Toko Fahadimy sy Fahenina 1 MAG57-0908M
(Hebrews, Chapter Five and Six [1])
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 8 Septambra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org